2016

# DRAFI-PANAJARIANA SY FITANTANANA NY ALA HONKO AMPASIVELONA



**VOI FMHT**

**KAOMININA AMBANIVOHITRA AMBODIBONARA**
**DISTRIKA AMBILOBE**
**FARITRA DIANA**

ROSEDA

# FIZAHAN-TAKELAKA

FIZAHAN-TAKELAKA ..... i
LISITRY NY TABILAO ..... ii
LISITRY NY SARY ..... ii
I TENY FAMPIDIRANA ..... 1
II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA AO AMPASIVELONA ..... 1
2.1 Famaritana ara-jeografika: ..... 1
2.2 Toe-tany sy toe-trandro: ..... 1
2.3 Ny ara-tsosialy ..... 2
2.4 Fanabeazana ..... 2
2.5 Fahasalamana ..... 2
2. 6 Ny rafitra misy ..... 2
2. 7 Ny ara-toekarena ..... 3
2.8 Firafitry ny ala: ..... 3
III TANJON'NY FANAJARIANA ..... 4
IV TANJON'NY VOI ..... 5
V FAHARETANY ..... 5
VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA ..... 5
6.1.Faritra arovana tanteraka ..... 6
6.2 Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana ..... 6
6.3 Faritra anarenana ny Alahonko ..... 6
VII FEPETRA HITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA ..... 10
7.1 Faritra arovana ..... 10
7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana ..... 10
7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Ala honko ..... 10
VIII DRAFITRASA ..... 13
8.1 Lamin'asa: ..... 13
8.2 Drafitr'asa ..... 13
IX RAFITRA APETRAKA AMIN'NY FITANTANANA ..... 16
X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA ..... 17
10.1 Arak'olona ..... 17
10.2 Ara-bola ..... 17
10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana ..... 17
XI TOMBAN'EZAKA ..... 17
XII- FEHINY ..... 19

## LISITRY NY TABILAO

Tabilao 1 : Ireo vaiki-paritra misy amin'ny fitantanana ala honko ao Ampasivelona .............................7
Tabilao 2 : Ny drafi-pitantana ny faritra arovana ....................................................................10
Tabilao 3 : Drafi-pitantanana ny faritra fakàna zo nentim-paharazana .................................................10
Tabilao 4 : Drafi-pitantanana ny faritra fambolen-kazo ...........................................................11
Tabilao 5 : Famintinana ny drafi-pitantanana isaky ny vakim-paritra.................................................12
Tabilao 6 : Drafitr'asa madritry ny faharetan'ny famindram-pitantanana............................................13
Tabilao 7 : Drafitr'asan'ny clb mandritry ny taona 2016 .........................................................15
Tabilao 8 : Ireo mari-drefy ampiasaina amin'ny tomban'ezaka ..........................................................18

## LISITRY NY SARY

Sary 1 : Fizarazarana ara-poko ny mponina ao Ampasivelona (VA/CC Zo R. 2014).............................2
Sary 2 : Fari-pahalalan'ny mponina ao Ampasivelona (VA/CC Zo R. 2014).......................................2
Sary 3 : Ireo sehatr'asa misongadina ao Ampasivelona (VA/CC Zo R 2014) .......................................3
Sary 4 : Firafitry ny ala honko ao Ampasivelona (VA/CC Reniala, 2014) ............................................4
Sary 5 : Fivoaran'ny hatevin'ny ala honko ao Ampasivelona tamin'ny 20 taona lasa (VA/CC Zo R, 2014) ..............................................................4
Sary 6 : Saritany maneho ny farefoanan'ny ala honko ao Ampasivelona ...............................................5
Sary 7 : Ireo vakim-paritra ao Ampasivelona .........................................................................8
Sary 8 : Ireo vakim-paritra ao Ampasivelona 2 (Saritany talohan'ny fampiraharahana faritry ny teroara) ..............................................................8
Sary 9 : Velaran'ireo vakim-paritra isan'isany ao Ampasivelona ..........................................................9
Sary 10 : Rafitra voakasiky ny fitantanana .........................................................................16

# I TENY FAMPIDIRANA

Ny Tanana Ampasivelona dia anisany lavitry ny Bongo, ary manamorona ny Ranomasina. Honko be velarana, sy fari-dranomasina fanjonoana nenti-paharazana midadasika no loharanon-karena voajanahary mibahan-toerana eo aminy. Tao anatin'ny taona maro, tao aorianan'ny taona 2003, dia nandalo fahasahiranana mafy ny mponina tao Ampasivelona nohon'ny tsy fisian'ny rano manondraka tanimboly, nohon'ny fahafatesan'ny orin'asa SIRAMA mpandray fary. Mponina zay miankina indrindra amin'ny harena voanjanahary andranomasina ( ala honko sy jono) ny mponina ao Ampasivelona. Vokatr'ireo dia nihamafy ireo tsindry isan-karazany nianjady tamin'ny Loharanonkarena voajanahary tao Ampasivelona. Ary mbola nanampy trotraka an'izany koa, ny tsy nisian'ny fanavaozana ny fifanekena sy ny drafi-panajariana sy fitantanana zay efa maty paikandro. Raha ny VOI FMHT Ampasivelona, dia efa manana traik'efa eo amin'ny fitantanana maharitra ny ala honko. Efa nahavita ny dingana voalohany, telo taona teo amin'ny fifanekem-pamindram-pitantanana ny VOI FMHT Ampasivelona.

Mba ahafany mampiasa sy mitantana maharitra ny Loharanon-karena voajanahary, dia ilaina ny fanavaozana ireo fitaovam-pitantanana. Koa anisan'izany ity Drafi-panajriana sy fitantanana ity.

Anisany mpiara miombona antoka amin'ny fanatanterahana ny fanavaozana ny Drafi-panajariana izao ny WWF ampian'ny mpamatsy vola BMZ avy any Alemana.

Anisan'ny zava-kendrena amin'ity fanavaozana ny drafi-panajariana sy fitantanana ity ny ho **fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary misy ao Ampasivelona ireo .**

Ankoatran'ny fanentanana natao dia dingana maromaro no nolalovana sy nahafahana namoaka ity drafi-panajariana sy fitantanana ity:

- Ny fanadihadiana ara-piaraha-monina, ara-toekarena, kolontsaina ary ekolojika natao teny an-toerana;
- Ny fanavaozana amin'ny fomba demokratika ny Birao mpanatanteraka ny VOI (CLB) izay hitantana ny faritra;
- Ny famaritana ny faritra isaky ny sokajim-panajariana tokony atao araky ny tanjon'ny fanajariana ho tratrarina;
- Ny famaritana ny fepetra hitantanana isaky ny sokajim-pritra araka ny tanjon'ny fanajariana ho tratrarina;
- Ny famolavolana sy fametrahana ny Dina ifampifehezana mba hampahomby ny fitantanana

# II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA AO AMPASIVELONA

## 2.1 Famaritana ara-jeografika:


Ampasivelona dia Fokontany iray hita ao amin'ny Kaominy ambanivohitra Ambodibonara, Distrika Ambilobe, Faritra DIANA izany hoe hita aty amin'ny tapany avaratry Madagasikara.
Avy amin'ny renivohitry ny Distrika Ambilobe, manaraka iny lalana mankany amin'ny SUCOMA (SIRAMA) iny, avy eo amin'ny Croisement Ampondralava dia mivily miankandrefana mahazo ny Kaominy Ampondralava, mahazo ny fokontany Ampano, izay vao Ampasivelona ( Ambilobe- Ampasivelona 25km, Ampondralava- Ampasivelona 8km).

## 2.2 Toe-tany sy toe-trandro:

Ahitana tany lemaka fambolena
Tany magodra saika ala honko no mameno ny fokontany amin'ny ilany andrefana
Amin'ny asara (fahavaratra) no tena be orana manomboka ny Desambra- Janoary- Febroary- Martsa no sady mafana
Manomboka ny volana Jona ka hatramin'ny Septambra dia somary mangatsiatsiaka ny andro

## 2.3 Ny ara-tsosialy

Araka ny fanisana natao dia miisa 2000 ny isan'ny mponina ao Ampasivelona, 46% Antakarana, 22% Antemoro, 19% mpiavy, 8% Antandroy.





**Sary 1 : Fizarazarana ara-poko ny mponina ao Ampasivelona (VA/CC Zo R. 2014)**

## 2.4 Fanabeazana

Raha mikasika ny fanabeazana dia toy izao manaraka izao:
Ny fanabeazana fototra ihany no misy ao Ampasivelona ary sekolim-panjakàna iray ihany no misy. Ambany ny tahan'ny fampidirana an-tsekoly (37%), izay mitarika taha ambony amin'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra (34%). 215 ny isan'ny mpianatra izay avy amin'ny zana-tanàna 7 misy ao ami'ny Fokontany. 7 ny isan'ny mpampianatra ka mpampianatra karamain'ny FRAM.ny 6 amin'izy ireo.

Tsy maintsy mandeha any amin'ny CEG d'Ambodibonara, na hatrany Ambilobe.ny mpianatra raha te hanohy hany ka maro ireo mitsoaka an-daharana.Na dia izany aza dia mahatratra 95% ny tahan'ny fahafahana CEPE tamin'ny taona 2013.




**Sary 2 : Fari-pahalalan'ny mponina ao Ampasivelona (VA/CC Zo R. 2014)**

## 2.5 Fahasalamana


Raha ny fahasalamana indray, azo lazaina tsy lavorary ny fahasalaman'ny mponina ao Ampasivelona.Ny tazo, ny arentim-pivalànana, ny bilharziozy, ny tefoedra (fièvre typhoide) ary ny tiberkilaozy no arentina mateti-pitranga. Maro ny antony mety mahatonga izany toy ny fahalotoan'ny rano fisotro, ny kaikitry ny mola, ny havizànana be loatra noho ny asa. Na izany aza anefa dia ambany ny tahan'ny fahafatesana avy amin'ireo arentina ireo. 92% n'ny mponina dia vita vakisiny.Marihina fa tsy misy tombim-pahasalamana ao Ampasivelona. Misy ny "Mpanentana ara-pahasalàmana" ary Mpampivelona iray.

## 2. 6 Ny rafitra misy

Ampasivelona dia ahitana karazana fikambanana maromaro. Ny CLB izay misy mpikambana 600 mahery amin'izao, ahitana fikambanam-behivavy 02 karazana, ao koa ny Kaoperativan'ny mpanjono sy ny UNION ny kaoperativa mpanjono, ahitana fikambanan'ny tanora mpilalao baolina.

## 2. 7 Ny ara-toekarena

Ny fambolena (vary, fary) no tena foto-piveloman'ny mponina ao Ampasivelona, manarak'izany dia ny fiompiana (ondry, osy, omby, akoho amam-borona…). Toy izao ny fizarazarany arakaraka ny lanjany avy (isan-jatony).:





**Sary 3 : Ireo sehatr'asa misongadina ao Ampasivelona (VA/CC Zo R 2014)**

- **Jono:**

Ny makamba, ny tsivakiny (Patsa), ny drakatra ary ny loko an-dranomasina isan-karazany no jonoan'ny mponina andavan'andro. Periky natokana ho an'ny makamba sy Periky natokana ho an'ny trondro, ny Horoba natokana ho an'ny Tsivakiny, ny Garigary natokana ho an'ny Drakatra no fitaovam-panjonoana ampiasain'ny mpanjono. Arak any fanisana farany dia manodidiana ny 100 ny mpanjono ary 20 eo ho eo n y lakana miasa ao amin'ny fokontany Ampasivelona.

## 2.8 Firafitry ny ala:

Toy izao ny firafitry ny ala honko izay tantanan'ny VOI ao Ampasivelona:





**Sary 4 : Firafitry ny ala honko ao Ampasivelona (VA/CC Reniala, 2014)**

Ireto avy ny mamaritra io ala tantanina io: Ao avaratra: Fokontany Antsohimbondrona, Ao Atsimo: Fokontany Bentaikilotro sy Ambodibonara ary ao andrefana: Ranomasina kanaly Mozambika

## III TANJON'NY FANAJARIANA

Ny hiarovana ny Ala honko sy ho fanarenana ireo faritra efa simba mba hanatsarana ny vokatra azo avy amin'ny Jono. Fampitomboana ny vola miditra amin'ny mponina.




**Sary 5 : Fivoaran'ny hatevin'ny ala honko ao Ampasivelona tamin'ny 20 taona lasa (VA/CC Zo R, 2014)**

Raha fintinina dia ny hamadika ny fironanana makany amin'ny fahasimbàna izay niha-nahazo laka isan-taona ho fitomboana velàrana sy ho fanatsaràna ny firafitry ny ala indray.

# IV TANJON'NY VOI

Ny fivoriana fifanakalozana teo amin'ny VOI no nahafahany namaritra ireto tanjona manokana ireto:


- Fiaraovana sy fitantanana maharita ny ala honko.
- Ny fitantanana maharitra ny Jono andranomasina amin'ny fampiasana ireo fitaovana manara-dalàna,sy faritra fanjonoana voafaritra.
- Fanatsarana ny seha-pamokarana fambolena sy fiompiana

# V FAHARETANY

Folo taona no tondro aharetan'ny fanavaozana ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Tsy maintsy anaovana fanaraha-maso sy tomban'ezaka izany raha tampitra ny fe potoana, mikasika indrindra ny fanatanterahana ny fepetra voalaza ao amin'ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny bokin'andraikitra mifandraika amin'izany izay nekena sy nosoniavina.

# VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA




**Sary 6 : Saritany maneho ny farefoanan'ny ala honko ao Ampasivelona**

Mba hampikarana ny fahafaha-miatrika ny Ala honko asehon'ny saritany etsy ambony, dia noraisinaireto drafi-panajariana manaraka ireto. Mitsinjara telo (03) ny faritra tantanin'ny VOI Ampasivelona, izay manana

fomba hanajariana azy avy sy fepetra hitantanany azy avy:

## 6.1.Faritra arovana tanteraka

- ✓ Natao ho atiala tahiry mba hiarovana ireo zava-manan'aina, biby, vorona, hazandrano;
- ✓ Natao ho toerana tsy idirana na hakana zavatra mihitsy.

## 6.2 Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana


- ✓ Natao hakan'ny mponina ny zavatra ilainy amin'ny fiainana andavan'andro toy ny hazo anaovana trano, talantalana, ny ravinkazo atao fanafody...
- ✓ Natao anaovana ireo asa fanabeazam-boho ny toekarena, fiompiana tantely.
- ✓ Tsy maintsy hakana fahazoan-dalana amin'ny VOI Ampasivelona ny fizakana ny zo nenti-paharazana, mba ho fandrindrana ny fitantanana.

## 6.3 Faritra anarenana ny Alahonko


- ✓ Natao hambolena honko ho fanatevenana ireo simba.

| Fizarana | Toerana | Habeny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona |
|---|---|---|---|---|
| Faritra arovana (Ala fady) | Manintsimantsagna<br>Andamoty<br>Antafiana gegirano<br>Nosin'ny dady | 250 | Ala honko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny)<br>Toerana ahitana tantely, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny Ala honko.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Avaratra lalana Antafiambotry<br>Antafiabe<br>Avaratra lalana Antsatramanala<br>Mahebo avaratra | 253 | Ahitana hazo honko lehibe sy golety, Akaiky tanàna.<br>Ahitana koa ireo karazana Honko ilaina amin'ny fiainana andavan'andro | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra (hazon-trano, ravin-kazo atao fanafody, fiompiana tantely...) |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Antsoronala | 400 | Fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba |


**Tabilao 1 : Ireo vaiki-paritra misy amin'ny fitantanana ala honko ao Ampasivelona**




Sary 7 : Ireo vakim-paritra ao Ampasivelona




Sary 8 : Ireo vakim-paritra ao Ampasivelona 2 (Saritany talohan'ny fampiraharahana faritry ny teroara)




**Sary 9 : Velaran'ireo vakim-paritra isan'isany ao Ampasivelona**

# VII FEPETRA HITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA

## 7.1 Faritra arovana

Ny famaritana natao dia afaka manavaka tsara ny Faritra arovana izay saika ny saha na renirano no manasaraka azy amin'ny sokajim-paritra hafa. Ny fametrahan Pilaky na boué famantarana amin'ny toerana talaky hita maso sy ny famapahafantarana azy amin'ny fivoriambe no anisan'ny fepetra entina amin'izany.

Ny fitsinjarana ny andraikitra eo anivon'ny Polisin'ala sy jono, ny mpanjono manodidina sy manakaiky ny faritra dia fomba anamafisana ny fitantanana ny faritra.Omena alalana hanao tatitra na fitoriana amin'ny VOI na KMD izay rehetra mahita zava-mitranga.

Atao ihany koa ny teti-andro fitsirihana sy fanaraha-maso ao amin'ny faritra, izay tanterahin'ny Polisin'ala sy jono.

| Faritra arovana | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | Fitsangatsanganana na mandalo<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manjono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa |

**Tabilao 2 : Ny drafi-pitantana ny faritra arovana**

## 7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana

Manao fangatahana amin'ny VOI ny olona rehetra eo an-toerana izay manana fikasana hampiasa hazo hanaovana trano; fanaka, talantalana, golety, valakira... Hajaina ny fepetra rehetra mahakasika ny fizakana ny zo nentim-paharazana voalaza ato amin'ty boky ity. Voalaza any amin'ny tovana ny filazana ny andininy rehetra mikasika ny isan'ny hazo azo alaina isan-taona isan-tokan-trano mikasika ny zo nentim-paharazana.

| Faritry ny zo nenti-paharazana | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | -Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitaràna tanimboly na tanimbary |

**Tabilao 3 : Drafi-pitantanana ny faritra fakàna zo nentim-paharazana**

## 7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Ala honko

Faritana mialoha ny teti-andro sy ny haben'ny asa fambolena honko ho atao eo anivon'ny fivoriambe famolavolana ny Drafitr'asa isan-taona.
Ny mponina ao antin'ny teroara no manao ny fambolena honko isan-taona, izay tarihin'ny Birao mpanatanteraka VOI.
Ny polisin'ala ary ny tsirairay dia ampiandraketina ny fanaraha-maso ny honko voavoly. Asiana pilaky famantarana amin'ny toerana talaki-maso ny faritra.

| Faritra fambolen-kazo honko | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | Mitsangatsangana<br>Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |

**Tabilao 4 : Drafi-pitantanana ny faritra fambolen-kazo**

| Fizarana | Toerana | Habeny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona | Fitsipi-pitantanana | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
| Faritra arovana (Ala fady) | Manintsimantsagna<br>Andamoty<br>Antafiana gegirano<br>Nosin'ny dady | 250 **(27,68%)** | Ala honko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny)<br>Toerana ahitana tantely, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny Ala honko.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. | Fitsangatsangananana na mandalo<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manjono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Avaratra lalana<br>Antafiambotry<br>Antafiabe<br>Avaratra lalana<br>Antsatramanala<br>Mahebo avaratra | 253 **(28,01%)** | Ahitana hazo honko lehibe sy golety,<br>Akaiky tanàna.<br>Ahitana koa ireo karazana Honko ilaina amin'ny fiainana andavan'andro | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra (hazon-trano, ravin-kazo atao fanafody, fiompiana tantely...) | -Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitaràna tanimboly na tanimbary |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Antsoronala | 400 **(44,29%)** | Fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba | -Mitsangatsangana<br>-Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |

**Tabilao 5 : Famintinana ny drafi-pitantanana isaky ny vakim-paritra**

## VIII DRAFITRASA

Ny Drafitr'asa napetraka izay narafitra teo anivon'ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana sy fitantanana. Mitady fanohan'ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin'ny fanamafisana ny Fiarovana ny Ala honko, sy ny Jono.

### 8.1 Lamin'asa:

Mandritry ny faharetan'ny famindram-pitantanana dia misy ireto asa ireto ho tanterahina ao anatin'ny 10 taona ho avy :

| ASA ATAO | Taona | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fambolena honko | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fametrahana takelaka | x | | | x | | | | x | | |
| Fandokoana ny sisin'ny faritra | x | | x | | x | | x | | x | |
| Fanofanana polisin'ala | | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | x | | x | | | x | | | x | |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Tomban'ezaka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| fitadiavana mpiara-miombon'antoka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-pitantanana sy drafi-panajariana | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fividianana appareil photo ho an'ny CLB | | x | | | | | | | | |
| Fanavaozana ny Tsangabaton'ny CLB | | x | | | | | | | | |
| Fananganana sy fitantanana ny point de collecte ho an'ny drakaka | | x | | | | | | | | |

**Tabilao 6 : Drafitr'asa madritry ny faharetan'ny famindram-pitantanana**

### 8.2 Drafitr'asa

Ny Drafitr'asa isan-taona izay narafitra teo anivon'ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana voafaritra. Mitady fanohan'ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin'ny fanamafisana ny Fiarovana sy Fitantanana ny Ala honko.

| Asa hatao | Isany, Habetsahany | FOTOANA HANATANTERAHANA AZY | | | | | | | | | | | | Tompon'andraikitra voalohany |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | J | F | M | A | M | J | J | A | S | O | N | D | |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | isan-bolana | | | | | | | | | | | | | Polisin'Ala |
| Fambolena honko | 5 ha | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komity mpanara-maso, Polisin'Ala |
| Fametrahana takelaka isaky ny vaki-paritra | 65 takelaka | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fandokoana kakazo amin'ny sisin'ny vaki-paritra isanisany | 800 hazo | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Fokonolona |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | in-1 isan-3 taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanaganana trano biraon'ny CLB 10m x 10 m | in-1 isanky ny 5 taona | | | | | | | | | | | | | clb, Biraon'ny CLB |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-panajariana sy fitantanana ary ny DINA | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanaovana tatitry ny asa (Rapport d'activités) | isaky ny 2 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB sy ny Mpitambola |
| fitadiavana mpiara-miombon'antoka | isan-3 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB |
| Fampiroboroboana sy fanarahamaso ny fitarimiana akoho ho fanatsarana ny velotegna | isam-bolana | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanaovana Disco amin'ny fanolorana amin'ny fomba | in-1 maka | | | | | | | | | | | | | president, Rachad |

| | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ofisialy ny Famindram-pitantanana | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanantsarana ny fidiram-bolan'ny CLB(lakana,collecte,cotisation) | isan-bolana | | | | | | | | | | | | | Tresoriere |
| Fanentanana fanadiovana tanàna | isa-3 volana | | | | | | | | | | | | | |
| Fanentanana amin'ny fanaovana WC isaky ny secteur | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Vice Président |
| Tomban'ezaka | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komitin'ny tomban'ezaka |


**Tabilao 7 : Drafitr'asan'ny clb mandritry ny taona 2016**

**Fanamarihana** : Ny clb dia tsy maintsy manavao isan-taona izao drafitr'asa izao, ahafahany manatratra ny tanjona napetraka ato anatin'ity drafitra ity.

## IX RAFITRA APETRAKA AMIN'NY FITANTANANA

Ny Fivoriambe no fahefana faran-tampony ao amin'ny VOI FMHT ka ny Birao mpanatanteraka no manatanteraka ny asa voavolavola avy tamin'ny Fivoriambe. Mba hampahomby sy hampateza ny fitantanana dia apetraka ny vaomiera isan-karazany ho fampandraisana andraikitra ny mpikambana tsirairay (vaomieran'ny ala, vaomieran'ny afo, vaomieran'ny fampandrosoana…), eo ihany koa ny Dina izay anisan'ny fitaovana iray eo ampela-tanan'ny CLB, entina hitantanana ireo loharanon-karena voajanahary ireo, ka ny KMD (Komity Mpanatanteraka ny Dina) no miandraikitra ny fampiharan'azy.

Ny VOI na ny CLB dia tsy afaka mandeha irery raha te ahazo vokatra tsara fa tsy maintsy miara-miasa na mifandray amin'ireo antokon-draharaham-panjakana isan-tsokajiny voakasik'izany (Fokontany, Kaominina, STD na ny sampandraharaham-panjakana)




**Sary 10 : Rafitra voakasiky ny fitantanana**

**Fepetra samihafa:**

Ny Birao mpanatanteraka,ny Polisin'ala sy Jono, ampian'ny olona tsirairay ao anatin'ny Teroara no manao ny fanaraha-maso, sy mitondra tatitra na fitorohana any amin'ny KMD raha fandikan-dalana voatsikaritra..

Ny Birao mpananteraka ampian'ireo mpikambana amin'ny KMD no mitantana ny vonodina, amin'ny fampiharana ny Drafi-pitantanana.

Ny fanapahan-kevitry ny filankevitra kaominaly no mamaritra ny fitsinjarana ny vonodina.

Any amin'ny DINA no ahitana ny pitsopitsony rehetra mikasika ny fepetra sy fitsipika ary ny vonodina mifanaraka amin'izany.

# X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA

## 10.1 Arak'olona

Tompon'andraikitra avokoa ny mpikambana sy ny mponina ao anaty teroara amin'ny fanatanaterahana ny Drafi-panajariana.

Ireo teknisianina ara-panjakana sy avy amin'ny mpiara miobona antoka dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fampiharana ny Drafi-panajariana.

## 10.2 Ara-bola

Ny saram-pitantanana avy min'ny fampiasana ny loharanon-karena voajanahary no vola entina ampahanana ny raharaham-pitanatanana. Eo ihany koa ireo vola avy amin'ny vonodina, fanampiana, latsakemboky ny mpikambana.

## 10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana

Alahatra ao anty tetiandron'ny drafitr'asa ny karazampiofanana ilaina amin'ny fitantanana mba hanamafisana ny fahaiza-manaon' ny mpitantana.

# XI TOMBAN'EZAKA

Mba ahafana mandrefy ny ezaka vita na koa ny fivoaran'ny fitantanana dia ho jerena ireto mari-pandrefesana ireto:

| Vakim-paritra | Maripan-drefesana |
|---|---|
| Faritra arovana tanteraka | Isan'ny fanapahana hazo tratra<br>Fangalarana kakazo ataon’ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravana<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Velaran’ny Ala honko voatetika;<br>Isan'ny mpanjono anaty saha tratra<br>Isan'ny mpangala vokatra tratra (biby arovana-vorona arovana-tantely-drakatra-sns...)<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Fitomboan'ny ala honko matevina (porofoina amin'ny sarintany)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan’ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran’ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran’ny ala Honko rakotry’ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran’ny tany voakikin’ny ranomasina |
| Zo nenti-paharazana | fanapahana hazo tsy nahazoana alalàna<br>Isan'ny fahazoan-dalàna navoaka<br>fangalarana kakazo ataon’ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravàna<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Isan'ny fivarotana kakazo ivelan’ny tanàna<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fiakaran’ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran’ny ala Honko rakotry’ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran’ny tany voakikin’ny ranomasina |
| Fanatevenana sy Fanarenana | Velaran’ny Ala honko voavoly zanakazo;<br>Isan’ny zanakazo voavoly;<br>Fitombon’ny zana-kazo ( haavony sy ny savaivony)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan’ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran’ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran’ny ala Honko rakotry’ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran’ny tany voakikin’ny ranomasina |
| Faritra fitsangatsanganana | Isan'ny fandikan-dalàna tratra |

**Tabilao 8 : Ireo mari-drefy ampiasaina amin’ny tomban’ezaka**

## XII- FEHINY

Ity drafi-panajariana sy fitantanana ity no mifehy ireo loharanon-karena voajanahary ao AMPASIVELONA, mikasika ny fiarovana sy fikajiana ary fanomezan-danja izany loharanon-karena voajanahary izany.
Marihina etoana fa azo hatsaraina ity drafi-panajariana sy fitantanana ity arakaraky ny fivoaran'ny zava-misy eny an-toerana.

Natao teto …………………………., androany faha ………………………,

Ny filohan'ny VOI FMHT

Ny Talem-paritry ny Tontolo Iainana

# TOVANA

**TOVANA 1:**
**FAMARITANA NY FAMPIASANA NY HAZO ARAKA NY FILAN'NY MPONINA:**

**a-IREO FILANA AMIN'NY ALA HONKO**

Ireto avy ireo karazan-javatra tsy maintsy ilàna hazo honko ato amin'ny fokontany AMPASIVELONA:
- Fanamboarana trano vaovao sy fanarenana
- Fanamboarana talantalana
- Fanamboarana varion'omby, akoho amam-borona…
- Fanamboarana lakana

| karazany | Isan'ny hazo boribory | **TOTALY** | Isan'ny golety | **TOTALY** |
|---|---|---|---|---|
| Fanamboarana trano 5m/4m (30 isan-taona no trano amboarina) | 60 | **1800** | 100 | **3000** |
| Fanamboarana talantalana (20 tokan-trano) | 10 | **200** | 50 | **1000** |
| Fanamboarana vario (10 tokan-trano isan_taona) | 160 | **1600** | 0 | |
| Fanamboarana lakana (lakana 02 isan-taona) | 10 | **20** | 0 | |
| **T0TALY isan-taona** | | **3620** | | **4000** |

Marihina fa ao anatin'ny dimy taona indray vao mety ho simba ny trano vaovao iray.

Amin'izao fotoana izao dia miisa **750** ny trano miorina ao amin'ny Fokontany Ampasivelona.

TOVANA 2

FITSINJARANA NY ISAN'NY HAZO AZO ALAINA ISAN-TAONA AO ANATIN'NY FARITRY NY ZO NENTIM-PAHARAZANA

Famaritana ny ala

Mba ahafahana manapa-kevitra amin'ny fanajariana tokony atao amin'ny famindram-pitantanana mikasika ny ala honko sy ny fakana azy dia ilaina fantarina ny toetoetran'ny ala izany hoe ny habetsahan'ny hazo sy ny karazan-kazo misy ao anatin'ny faritry ny zo nentim-paharazana. Tamin'ny fanisana natao dia toy izao manaraka izao raha fintinina ny isan'ny hazo honko azo trandrahana sy ny habetsahany isaky ny hekitara ao Ampasivelona:

Ireo karazan-kazo honko hita manokana ao anatin'ny faritry ny zo nentim- paharazana:

| Karazan-kazo (Nom vernaculaire) | Anarany ara-tsiantifika (Nom scientifique) | Isan-kazo ao anatin'ny refy 0,1 Ha (Nombre individu rencontré plot de 0,1Ha) |
|---|---|---|
| Mosotry | Avicenia marina | 5 |
| Tsitologny | Bruguiera gymnorrhiza | 2 |
| Honko vavy | Ceriops tagal | 14 |
| Honko lahy (Anabovahatra) | Bruguiera gmnorrhiza | 80 |
| TOTAL : | | 101 |

| Velarany(Ha) (Surface Ha) | Habetsahany isaky ny Ha (Densité par Ha) | | Habetsahany hazo azo trandrahina (Quantité de bois exploitable) | |
|---|---|---|---|---|
| | Golety (gaulette) | Hazo boribory (bois rond) | Golety (gaulette) | Hazo boribory (bois rond) |
| 253 | 760 | 250 | 192 264 | 63 245 |

Vokatr'io fanisana hazo izay natao tao anatin'ny ala honko faritry ny zo nentim-paharazana io ao AMPASIVELONA dia ferana toy izao manaraka izao ny isan-kazo honko azo alaina isan-taona raha oharina amin'ny tahiry:

. Ho an'ny Hazo boribory dia, miisa 3620 isan-taona no azo alaina;

. Ho an'ny Golety kosa dia, miisa 4000 isan-taona no azo alaina.

Tsara ho marihina fa na dia eo aza ireo karazan-kazo honko maro voalaza esty ambony dia ny Honko vavy (Ceriops tagal) no tena fampiasain'ny olona izakany ny zo nentim-paharazana.

Ny fitsinjarana izany dia hita amin'ireo tabilao etsy ambony ao amin'ny tovana faha roa izay mamaritra ny isan'ny hazo ilain'ny mponina arakaraka ny sokajim-pampiasana azy (fanorenana trano vaovao, fanamboarana talantalana, fanamboarana rovan'akoho na vorona, fanamboarana varion'omby)

2016

# DRAFI-PANAJARIANA SY FITANTANANA NY ALA HONKO SY ALA BONGO AMBOHINANGY ANKAZOMBORONA



VOI ANKAMEVA

KAOMININA AMBANIVOHITRA BERAMANJA
DISTRIKA AMBILOBE
FARITRA DIANA

ROSEDA

# FIZAHAN-TAKELAKA

FIZAHAN-TAKELAKA .......... i
LISITRY NY SARY .......... ii
LISITRY NY TABILAO .......... ii
I TENY FAMPIDIRANA .......... 1
II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA .......... 2
2.1 Fanolorana ny Fokontany : .......... 2
2.1.1 Famaritana ara-jeografika: .......... 2
2.1.2 Toe-tany sy toe-trandro: .......... 2
2.1.3 Ny ara-tsosialy .......... 2
2.1.4 Ny ara-toekarena .......... 3
2.1.5 Firafitry ny ala: .......... 4
III TANJON'NY FANAJARIANA .......... 6
IV TANJON'NY VOI .......... 6
V FAHARETANY .......... 7
VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA .......... 7
VII FEPETRA FANAJARIANA SY FITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA .......... 13
7.1 Faritra arovana .......... 13
7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana .......... 13
7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Alahonko .......... 14
7.4 Faritra fitsangatsanganana .......... 14
7.5 Famintinana .......... 14
VIII DRAFITR'ASA .......... 17
IX RAFITRA APETRAKA AMIN'NY FITANTANANA .......... 20
X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA .......... 21
10.1 Arak'olona .......... 21
10.2 Ara-bola .......... 21
10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana .......... 21
XI TOMBAN'EZAKA .......... 21
XII- FEHINY .......... 22
TOVANA 1 : FAMARITANA NY FAMPIASANA NY HAZO HONKO ARAKA NY FILAN'NY MPONINA : .......... 24
TOVANA 2: FITSINJARANA NY ISAN'NY HAZO AZO ALAINA ISAN-TAONA AO ANATIN'NY FARITRY NY ZO NENTIM-PAHARAZANA .......... 25

## LISITRY NY SARY

Sary 1 : Ny foko misy ao Ankazomborona araka ny hamaroany (avy amin'ny VA/CC Zo Rabemananjara 2014)........ 2
Sary 2 : Mpianatra ao amin'ny EEP Ankazomborona ........ 3
Sary 3 : Isan'ny mpanjono ao Ankazomborona mihoatra ny mpanjono ao amin'ny elodranon'Ambaro ........ 4
Sary 4 : Ireo vokatra jonoana sy ny habetsahany azo isan'andro (VA/CC ZO R. 2014)........ 4
Sary 5 : Firafitry ny ala honko ao Ankazomborona (VA/CC Reniala 2014)........ 5
Sary 6 : Fivoaran'ny fahasimbana nisy tamin'ny ala honko nandritry ny fotoana lasa (VA/CC ZO R. 2014)........ 6
Sary 7: Saritany maneho ny faharefoan'ny Ala honko ........ 9
Sary 8 : Vakim-paritra........ 10
Sary 9: Vakim-paritra sy ny velarany........ 11
Sary 10 : Fampiasana ny loharonon-karena voajanahary........ 12
Sary 11 : Rafitra voakasiky ny fitantanana ........ 20

## LISITRY NY TABILAO

Tabilao 1 : Ireo fizaram-paritra ........ 8
Tabilao 2 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra arovana........ 13
Tabilao 3 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra zo nentim-paharazana ........ 13
Tabilao 4 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fambolen-kazo honko ........ 14
Tabilao 5 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fitsangantsagana........ 14
Tabilao 6: Famintinana ny drafi-panajariana sy fitantanana........ 16
Tabilao 7 : amin'ny asa mandritry ny folo taona ........ 17
Tabilao 8 : Lamin'asa mandritry ny taona voalohany (2016)........ 19
Tabilao 9 : Marim-pandrefesana amin'ny tombanezaka........ 22

# I TENY FAMPIDIRANA

Maro amin'ireo loharanon-karena voajanahary no iharan'ny vesatry ny tsindry izay mampitombo hatrany ny fahasimbana eo amin'ireo loharanon-karena ireo. Ny mponina ao amin'ny Fokontany Ankazomborona dia miankina betsaka amin'ireo loharanon-karena voajanahary toy ny Alahonko sy ny hazandranomasina. Ny fitondram-panjakana dia miezaka hatrany mitady ny fomba hanafoanana ireo tsindry mihatra sy mamotika ireo loharanon-karena ireo. Anisan'ny fomba hita fa mahomby amin'izany dia ny fametraham-pitokisana amin'ny Vondron'Olona Ifotony (VOI) hanajary sy hitantana maharitra ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina, izay ampian'ireo mpiara-miombonantoka.

Raha ny VOI ANKAMEVA Ankazomborona, dia efa nahavita ny dingana voalohany teo amin'ny fifenekem-pamindram-pitantanana, izay nanampy be dia be ny mponina sy ny sampandraharaham-panjakana tamin'ny fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary azo havaozina tamin'ny fampiharana ny Drafi-panajariana mandritry ny telo taona. Taorian'ny  naha lany paikandro ny fifanekem-pamindram-pitantanana dia nikorosy fahana ny fitantanana, ary tsy voafehy intsony ny fampanajana ny Drafi-panajariana, izay antony hanavaozana indray ny drafi-panajariana sy ny fifanekem-pandram-pitantanana mandritra ny folo taona indray.

Anisany mpiara miombona antoka amin'ny fanatanterahana ny fanavaozana ny Drafi-panajariana izao ny WWF ampian'ny mpamatsy vola BMZ avy any Alemana.

Anisan'ny zava-kendrena amin'ity fanavaozana ny drafi-pitantanana ity ny ho **fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary.**

Ankoatran'ny fanentanana natao dia dingana maromaro no nolalovana sy nahafahana namoaka ity drafi-panajariana sy fitantanana ity:

- Ny fanadihadiana ara-piaraha-monina, ara-toekarena, kolontsaina ary ekolojika (fanisana ireo karazan-kazo) natao teny an-toerana;
- Ny fanavaozana amin'ny fomba demokratika ny Birao mpanatanteraka ny VOI (CLB) izay hitantana ny faritra;
- Ny famaritana ny faritra isaky ny sokajim-pitantanana;
- Ny famolavolana sy fametrahana ny Dina ifampifehezana mba hampahomby ny fitantanana

# II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA

## 2.1 Fanolorana ny Fokontany :

### 2.1.1 Famaritana ara-jeografika:

Ankazomborona dia Fokontany iray hita ao amin'ny Kaominina ambanivohitra Beramanja, Distrika Ambilobe, Faritra DIANA izany hoe hita aty amin'ny tapany avaratry Madagasikara.


Avy amin'ny renivohitry ny Distrika Ambilobe, manaraka ny lalam-pirenena faha enina(RN6) mianatsimo ka mahazo ny renivohitry ny Kaominina ambanivohitra Beramanja (elanelana 30 km), miala avieo dia mahazo ny fokontany iray atao hoe Angodrofo (mielanelana 4 km), avy eo Angodrofo, miankandrefana amizay manaraka lalan-tany ka hatrany Ankazomborona (mielanelana 7 km).

### 2.1.2 Toe-tany sy toe-trandro:

Ahitana tany lemaka kely azo ambolena vary, tany magodra saika ala honko no mameno ny fokontany amin'ny ilany andrefana, avatratra, atsimo. Ny bongo (tanety) Ambohinangy no saika mandrakotra ny ilany antsinanana. Amin'ny asara (fahavaratra) no tena be orana manomboka ny Desambra- Janoary- Febroary- Martsa no sady mafana. Manomboka ny volana Jona ka hatramin'ny Septambra dia somary mangatsiatsiaka ny andro

### 2.1.3 Ny ara-tsosialy

Araka ny fanisana natao dia miisa 5500 ny isan'ny mponina Ao Ankazomborona, izay ahitana ireto foko manaraka ireto araka ny hamarony:




Sary 1 : Ny foko misy ao Ankazomborona araka ny hamaroany (avy amin'ny VA/CC Zo Rabemananjara 2014)

- **Raha mikasika ny fanabeazana dia toy izao manaraka izao:**
  Ny fokontanin'Ankazomborona dia manana sekoly fanambeazana fototra miisa 3 ka ny iray EPP ary ny roa kosa sekoly tsy miankina. Saiky ny 95% n'ny ankizy eo an-tanàna, izany hoe 634 ankizy dia mianatra avokoa ka ny 50% amin'izy ireo dia mpianatra ao amin'ny l'EPP.

85% n’ny mponina dia mahay mamaky teny sy manoratra



Sary 2 : **Mpianatra ao amin’ny EEP Ankazomborona**

❖ **Raha ny fahasalamana indray:**

Tsy misy tobim-pahasalamana miorina ao Ankazomborona. Misy ny “agent communautaire” miasa ho an’ny reny sy ny zaza. Ao ihany koa ny Mpitsabo tsy miankina, na Infirmier miisa 02. Maloto ny tanàna. Fivalanana, fièvre, IST no karazana aretina mpahazo.
Misy ny rano fisotro madio ary miisa 10 ny bornes fontaine eo antampo-tanàna.Tsy ampy anefa izany noho ny hamaroan’ny mponina sy ny filàna rano.


❖ **Ireo karazana fikambanana sy sehatra hafa:**

Fikambanam-behivavy= 04, Kaoperativan’ny mpanjono= 10, Vondron’ny kaopertiva mpanjono (UCPTB) =01 ary ny CLB ANKAMEVA.
Sehatra mpampindram-bola: 01 (OTIV)
Fiangonana kristianina= 07, Fiangonana silamo = 03, Togny = 01
Misy ny fikambanana tanora mpanao fanatanjahantena baolina kitra(02).
Tsy zarizary ny kianja filalaovam-baolina
Tsy ampy fialam-boly ny tanora

## 2.1.4 Ny ara-toekarena

- **Jono:**

❖ Araka ny fanadihadiana natao dia ny 80% ny mponina ao Ankazomborona dia mpanjono.





| | 2009 | 2010 | 2011 | 2012 |
|---|---|---|---|---|
| Ankazomborona | 1350 | 606 | 1510 | 2977 |
| Total | 2590 | 3841 | 4099 | 5438 |

Sary 3 : Isan'ny mpanjono ao Ankazomborona mihoatra ny mpanjono ao amin'ny elodranon'Ambaro

(Avy ami'ny PNRC, 2012)

**Karazana Jono :**

Ny makamba, ny tsivakiny (Patsa), ny drakatra ary ny loko an-dranomasina isan-karazany no jonoan'ny mponina andavan'andro. Periky natokana ho an'ny makamba sy Periky natokana ho an'ny trondro, ny Horoba natokana ho an'ny Tsivakiny, ny Garigary natokana ho an'ny Drakatra, Valakira (fomba fanjonoana nentim-paharazana) no fitaovam-panjonoana ampiasain'ny mpanjono.





Sary 4 : Ireo vokatra jonoana sy ny habetsahany azo isan'andro (VA/CC ZO R. 2014)

**Fiharian-karena hafa:**

Ankoatra ny fiharian-karena jono dia anisan'ny ahazoan'ny mponina vola koa ny fiharian-karena varotra (epicerie), ny fambolena vary ary ny fiompiana madinidinika (akoho amam-borona) izay vadin'asa ihany.

### 2.1.5 Firafitry ny ala:

Toy izao ny firafitry ny ala honko sy ala bongo izay tantanin'ny VOI ANKAMEVA ao Ankazomborona:




**Sary 5 : Firafitry ny ala honko ao Ankazomborona (VA/CC Reniala 2014)**

Hita ao Ankazomborona daholo ireo karazana honko valo (08) mandrafitra ny ala honko eto Madagasikara dia ny :

- Honko vavy, Anabovahatra, Mosotry, Tsitologny, Antalaotra, Farafaka, Lovinjo, Moromony ary ao ihany koa ny atao hoe Varo.

2.2 Famaritana ny toerana misy ny loharanon-karena voajanahary

Ny harena voajanahary azo havaozina izay tantanina dia ao amin’ny Fokontany **Ankazomborona**, Kaominy ambanivohitra **Beramanja,** Distrikan’**Ambilobe**, faritra **DIANA.**

**Toy izao ny mamaritra azy:**

Ao avaratra: **Fokontany Antsontsomo**

Ao Atsimo: **Fokontany Antsatrana.**

Ao antsinanana: **Fokontany Angodrofo**


Ao andrefana: **Ranomasina kanaly Mozambika**

## III TANJON’NY FANAJARIANA

Ny hiarovana ny Ala honko sy ho fitantanana maharitra ary ho fanarenana ireo faritra efa simba mba hanatsarana ny vokatra azo amin’ny Jono indrindra indrindra.

Fiarovana ny ala bongo Ambohinangy mba tsy hanimba ny faritra ambany misy ireo ala honko.

Fampitomboana ny vola miditra amin’ny mponina.




**Sary 6 : Fivoaran’ny fahasimbana nisy tamin’ny ala honko nandritry ny fotoana lasa (VA/CC ZO R. 2014)**

Raha fintinina dia ny hamadika ny fironanan makany amin’ny fahasimbàna izay niha-nahazo laka isan-taona ho fitomboana velàrana sy ho fanatsaràna ny firafitry ny ala indray.

.

## IV TANJON’NY VOI

Ny fivoriana fifanakalozana teo amin’ny VOI no nahafahany namaritra ireto tanjona manokana ireto:

- Fiaraovana sy fitantanana maharita ny ala honko sy ala amin’ny bongo Ambohinangy.

- Ny fitantanana maharitra ny Jono andranomasina amin'ny fampiasana ireo fitaovana manara-dalàna,sy faritra fanjonoana voafaritra.
- Ny fampiroboroboana ny fizahan-tany

## V FAHARETANY

Folo taona no tondro aharetan'ny fanavaozana ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Tsy maintsy anaovana fanaraha-maso sy tomban'ezaka izany raha tampitra ny fe potoana, mikasika indrindra ny fanatanterahana ny fepetra voalaza ao amin'ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny bokin'andraikitra mifandraika amin'izany izay nekena sy nosoniavina.

## VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA

Mitsinjara efatra (04) ny faritra tantanin'ny VOI ANKAMEVA ao Ankazomborona, izay manana fomba hanajariana azy avy sy fepetra hitantanany azy:

**Faritra arovana tanteraka**

- ✓ Natao ho atiala tahiry mba hiarovana ireo zava-manan'aina , biby, vorona, hazandrano;
- ✓ Natao ho toerana tsy idirana na hakana zavatra mihitsy.

**Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana**

- ✓ Natao hakan'ny mponina ny zavatra ilainy amin'ny fiainana andavan'andro toy ny hazo anaovana trano, talantalana, ny ravinkazo atao fanafody.
- ✓ Natao anaovana ireo asa fanabeazam-boho ny toekarena, fiompiana tantely.
- ✓ Tsy maintsy hakana fahazoan-dalana amin'ny VOI ANKAMEVA ny fizakana ny zo nenti-paharana, mba ho fandrindrana ny fitantanana.

**Faritra anarenana ny Alahonko**

- ✓ Natao hambolena honko ho fanatevenana ireo simba.

**Faritra Fitsangatsanganana**


- Natao ho fizahan-tany

**Tabilao 1 :** Ireo fizaram-paritra


| Fizarana | Toerana | Habeny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona |
|---|---|---|---|---|
| Faritra arovana | **Ala honko:**Bemoko, Antafiamadiro, Nosin'ny Tiana, Ankazoabo hely, Mosoron'ny tsapa, Vavan'Ambohinagy | 787 (47,44%) | Alahonko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny) | Fiarovana ny Ala honko.<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. |
| | **Ala bongo:**<br>Bongo Ambohinangy atsimo | 204 (12,30%) | Toerana ahitana, gidro, tantely, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny ala bongo mba hanome aina sy tanjaka ny alahonko amin'ny faritra manontolo; |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Majihy<br>Antafiambotry<br>Anteritery | 572 (34,48%) | Ahitana hazo honko lehibe sy golety, mbola matevitevina ny ala honko na koa manomboka manify,<br>Akaiky tanàna.<br>Sarotra fidirana raha tsy amin'ny ranobe | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra (hazon-trano, ravin-kazo atao fanafody, fiompiana tantely...) |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Mosoron'ny Tsapa ka hatrany Nosimbary- Antsira- Avaratra Anteritery- Antafiapotaka- Ankazoabo | 96 (5,79%) | Fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba |
| Faritra fitsangatsanganana | Ambohinangy atsimo<br>Nosimbary | 8 (2,66%)[1] | Point de vue; ahitana sokajin'ny zava-maniry maro; Misy Voly Ala honko | Fampiroboroboana ny fizahantany<br>Ho fampidiram-bolan'nyVOI ANKAMEVA |

1. 


[1] Isanjato ny faritry ny fitsangatsanganana mihoatra ny i) faritra arovana ala bongo sy ii) faritra arenina sy fambolena honko





**Sary 7: Saritany maneho ny faharefoan'ny Ala honko**




**Sary 8 : Vakim-paritra**




**Sary 9: Vakim-paritra sy ny velarany**




**Sary 10 : Fampiasana ny loharonon-karena voajanahary**

# VII FEPETRA FANAJARIANA SY FITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA

## 7.1 Faritra arovana

Ny famaritana natao dia afaka manavaka tsara  ny Faritra arovana izay saika ny saha na renirano no manasaraka azy amin'ny sokajim-paritra hafa. Ny fametrahan Pilaky na boué famantarana amin'ny toerana talaky hita maso sy ny famapahafantarana azy amin'ny fivoriambe no anisan'ny fepetra entina amin'izany.

Ny fitsinjarana ny andraikitra eo anivon'ny Polisin'ala, sy ny mpanjono manodidina sy manakaiky ny faritra dia fomba anamafisana ny fitantanana ny faritra.Omena alalana hanao tatitra na fitoriana amin'ny VOI na KMD  izay rehetra mahita zava-mitranga.

Atao ihany koa ny  teti-andro fitsirihana sy fanaraha-maso ao amin'ny faritra, izay tanterahin'ny Polisin'ala.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Faritra arovana ala honko** | Fitsangatsanganana na mandalo<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Majono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Mangala biby na vorona na  tantely na vokatra hafa |
| **Faritra arovana Ala bongo Ambohinangy** | Fitsangatsanganana na mandala<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manapaka hazo<br>Manitatra tanimbary<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa.<br>Manorina trano |

Tabilao 2 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra arovana

## 7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana

Manao fangatahana amin'ny VOI ny olona rehetra eo an-toerana izay manana fikasana hampiasa hazo honko hanaovana trano; fanaka, talantalana, golety. Hajaina ny fepetra rehetra mahakasika ny fizakana ny zo nentim-paharazana voalaza ato amin'ity drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Voalaza any amin'ny **tovana** ny filazana ny andininy rehetra mikasika ny isan'ny hazo azo alaina isan-taona isan-tokantrano arakaraka ny filana mikasika ny zo nentim-paharazana.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Faritry ny zo nentim-paharazana** | - Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB  mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny  komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitarana tanimboly na tanimbary<br>- Manapaka Honko vavy any amin'ny faritra marefo misy ny honko fohy  na mazava;<br>-Manapaka Mosotry manatrika ny ranomasina<br>- Manapaka hazo honko 25 metatra miala ny sisin'ny saha na ranomasina |

Tabilao 3 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra zo nentim-paharazana

## 7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Alahonko

Faritana mialoha ny teti-andro sy ny haben'ny asa fambolena honko ho atao eo anivon'ny fivoriambe famolavolana ny Drafitr'asa isan-taona.

Ny mponina ao antin'ny teroara no manao ny fambolena honko isan-taona, izay tarihin'ny Birao mpanatanteraka VOI.

Ny polisin'ala ary ny tsirairay dia ampiandraketina ny fanaraha-maso ny honko voavoly. Asiana pilaky famantarana amin'ny toerana talaki-maso ny faritra.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
| --- | --- | --- |
| **Faritra fambolen-kazo honko** | -Mitsangatsangana<br>-Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |

Tabilao 4 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fambolen-kazo honko

## 7.4 Faritra fitsangatsanganana

Faritana amin'ny alalan'ny pilaky koa ny toerana natokana ho fitsangatsanganana sy ho fialam-boly izay noeritreretina hisarihana mpizaha tany. Ny VOI no tompon'antoka amin'ny fandaminana rehetra mikasika ny asa hatao araka ny drafitr'asa voavolavola teo amin'ny fivoriam-be.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
| --- | --- | --- |
| **Faritra fitsangatsanganana** | -Mitsangatsangana<br>-Manao fanaraha-maso<br>-Manao asa fanatsarana | -Manapatapaka hazo<br>-Manao maloto<br>-Maka sary raha tsy nahazo alalana avy amin'ny CLB |

Tabilao 5 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fitsangantsagana

## 7.5 Famintinana

Raha fintinina ny Drafi-panajariana sy fitantanana dia toy izao ny anehoana azy indray mijery:

| Fizarana | Toerana | Habeny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona | Fitsipi-pitantanana | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
| Faritra arovana | **Ala honko:**<br>Bemoko<br>Antafiamadiro<br>Nosin'ny Tiana<br>Ankazoabo hely<br>Mosoron'ny tsapa<br>Vavan'Ambohinagy | 787 | Alahonko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny) | Fiarovana ny Ala honko.<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. | Mandalo<br>Fitsangatsanganana nahazoana alalana<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika nahazoana alalana | Manjono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Manitatra tanàna<br>Manitatra tanimboly<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa faritan'ny VOI |
| | **Ala bongo:**<br>Bongo Ambohinangy atsimo | 204 | Toerana ahitana gidro, karaza-borona, tantely samihafa… | Fiarovana ny ala bongo mba hanome aina sy tanjaka ny alahonko amin'ny faritra manontolo; | Fitsangatsanganana na mandala nahazoana alalana<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manapaka hazo<br>Manitatra tanimboly<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa.<br>Manorina trano |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Majihy<br>Antafiambotry<br>Anteritery | 572<br>ala<br>honko | Ahitana hazo honko lehibe sy golety, Mbola matevitevina ny ala honko na koa manomboka manify, Akaiky tanàna.<br>Sarotra fidirana raha tsy amin'ny ranobe | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra (hazon-trano, ravin-kazo atao fanafody, fiompiana tantely...) | --Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, tantely, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>- Manapaka Honko vavy any amin'ny faritra marefo misy ny honko fohy na mazava;<br>-Manapaka Mosotry manatrika ny ranomasina<br>- Manapaka hazo honko 25 metatra miala ny sisin'ny saha na ranomasina |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Mosoron'ny Tsapa ka hatrany Nosimbary- Antsira- Avaratra Anteritery- Antafiapotaka- Ankazoabo | 96ha | Fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba | -Mitsangatsangana<br>-Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |
| Faritra fitsangatsanganana | Ambohinangy atsimo Nosimbary | 8ha | Point de vue; ahitana sokajin'ny zava-maniry maro; Misy Voly Ala honko | Fampiroboroboana ny fizahantany<br>Ho fampidiram-bolan'ny VOI ANKAMEVA | -Mitsangatsangana<br>-Manao fanaraha-maso<br>-Manao asa fanatsarana | -Manapatapaka hazo<br>-Manao maloto<br>-Maka sary raha tsy nahazo alalana avy amin'ny CLB |

**Tabilao 6**: Famintinana ny drafi-panajariana sy fitantanana

## VIII DRAFITR'ASA

Ny Drafitr'asa napetraka izay narafitra teo anivon'ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana sy fitantanana. Mitady fanohan'ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin'ny fanamafisana ny Fiarovana ny Ala honko, sy ny Jono.

**Lamin'asa:**

Mandritry ny faharetan'ny famindram-pitantanana dia misy ireto asa ireto ho tanterahina izay ao anatin'ny 10 taona ho avy :

| ASA ATAO | Taona | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fambolena honko | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fametrahana takelaka | x | | | x | | | | x | | |
| Fandokoana ny sisin'ny faritra | x | | x | | x | | x | | x | |
| Fanofanana polisin'ala | | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanajariana fotodrafitrasa fizahan-tany | | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofanana Guide touristique | | x | x | | x | | x | | x | |
| Marketing n'ireo sites touristiques | | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | x | | x | | | x | | | x | |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Tomban'ezaka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| fitadiavana mpiara-miombon'antoka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-pitantanana sy drafi-panajariana | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |

**Tabilao 7 : amin'ny asa mandritry ny folo taona**

Ny Drafitr'asa isan-taona izay narafitra teo anivon'ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana voafaritra. Mitady fanohan'ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin'ny fanamafisana ny Fiarovana sy Fitantanana ny Ala honko.

| Asa hatao | Isany, Habetsahany | FOTOANA HANATANTERAHANA AZY | | | | | | | | | | | | Tompon'andraikitra voalohany |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | | | | | | |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | isan-bolana | | | | | | | | | | | | | Polisin'Ala |
| Fambolena honko | 5 ha | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komity mpanara-maso, Polisin'Ala |
| Fametrahana takelaka isaky ny vaki-paritra | 50 takelaka | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fandokoana kakazo amin'ny sisin'ny vaki-paritra isanisany | 600 hazo | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Fokonolona |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | in-1 isan-3 taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Tomban'ezaka | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komitin'ny tomban'ezaka |
| Fanaganana trano biraon'ny CLB | in-1 isanky ny 5 taona | | | | | | | | | | | | | clb, Biraon'ny CLB |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-panajariana sy fitantanana ary ny DINA | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanaovana tatitry ny asa (Rapport d'activités) | isaky ny 2 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB sy ny Mpitambola |
| fitadiavana mpiara-miombon'antoka | isan-3 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB |
| Fanohizana ny fiofanana amin'ireo tetik'asa mampidi-bola | isan-6 volana | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |


| | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Fananganana lava-piringa isaky ny secteur | in-1 isan-3 taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB, Chef fokontany |
| Fanentanana fanadiovana tanàna | isan-3 volana | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB, Chef fokontany |

**Tabilao 8 : Lamin'asa mandritry ny taona voalohany (2016)**

## IX RAFITRA APETRAKA AMIN'NY FITANTANANA

Ny Fivoriambe no fahefana faran-tampony ao amin'ny VOI ANKAMEVA ka ny Birao mpanatanteraka no manatanteraka ny asa voavolavola avy tamin'ny Fivoriambe. Mba hampahomby sy hampateza ny fitantanana dia apetraka ny vaomiera isan-karazany ho fampandraisana andraikitra ny mpikambana tsirairay (vaomieran'ny ala, vaomieran'ny afo, vaomieran'ny fampandrosoana…), eo ihany koa ny Dina izay anisan'ny fitaovana iray eo ampela-tanan'ny CLB, entina hitantanana ireo loharanon-karena voajanahary ireo, ka ny KMD (Komity Mpanatanteraka ny Dina) no miandraikitra ny fampiharan'azy.

Ny VOI na ny CLB dia tsy afaka mandeha irery raha te ahazo vokatra tsara fa tsy maintsy miara-miasa na mifandray amin'ireo antokon-draharaham-panjakana isan-tsokajiny voakasik'izany (Fokontany, Kaominina, STD na ny sampandraharaham-panjakana)




Sary 11 : Rafitra voakasiky ny fitantanana

**Fepetra samihafa:**

Ny Birao mpanatanteraka,ny Polisin'ala sy Jono, ampian'ny olona tsirairay ao anatin'ny Teroara no manao ny fanaraha-maso, sy mitondra tatitra na fitorohana any amin'ny KMD raha fandikan-dalana voatsikaritra..

Ny Birao mpananteraka ampian'ireo mpikambana amin'ny KMD no mitantana ny vonodina, amin'ny fampiharana ny Drafi-pitantanana.

Ny fanapahan-kevitry ny filankevitra kaominaly no mamaritra ny fitsinjarana ny vonodina.

Any amin'ny DINA no ahitana ny pitsopitsony rehetra mikasika ny fepetra sy fitsipika ary ny vonodina mifanaraka amin'izany.

# X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA

## 10.1 Arak'olona

Tompon'andraikitra avokoa ny mpikambana sy ny mponina ao anaty teroara amin'ny fanatanaterahana ny Drafi-panajariana.

Ireo teknisianina ara-panjakana sy avy amin'ny mpiara miobona antoka dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fampiharana ny Drafi-panajariana.

## 10.2 Ara-bola

Ny saram-pitantanana avy min'ny fampiasana ny loharanon-karena voajanahary no vola entina ampahanana ny raharaham-pitanatanana. Eo ihany koa ireo vola avy amin'ny vonodina, fanampiana, latsakemboky ny mpikambana.

## 10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana

Alahatra ao anty tetiandron'ny drafitr'asa ny karazampiofanana ilaina amin'ny fitantanana mba hanamafisana ny fahaiza-manaon' ny mpitantana.

# XI TOMBAN'EZAKA

Mba ahafana mandrefy ny ezaka vita na koa ny fivoaran'ny fitantanana dia ho jerena ireto mari-drefesana manaraka ireto:

| Vakim-paritra | Maripan-drefesana |
|---|---|
| Faritra arovana tanteraka | Isan'ny fanapahana hazo tratra<br>Fangalarana kakazo ataon'ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravana<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Velaran'ny Ala honko voatetika;<br>Isan'ny mpanjono anaty saha tratra<br>Isan'ny mpangala vokatra tratra (biby arovana-vorona arovana-tantely-drakatra-sns...)<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Fitomboan'ny ala honko matevina (porofoina amin'ny sarintany)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan'ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran'ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran'ny ala Honko rakotry'ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran'ny tany voakikin'ny ranomasina |

| | |
|---|---|
| Zo nenti-paharazana | fanapahana hazo tsy nahazoana alalàna<br>Isan'ny fahazoan-dalàna navoaka<br>fangalarana kakazo ataon'ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravàna<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Isan'ny fivarotana kakazo ivelan'ny tanàna<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fiakaran'ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana:  refy  ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran'ny ala Honko rakotry'ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran'ny tany voakikin'ny ranomasina |
| Fanatevenana sy Fanarenana | Velaran'ny Ala honko voavoly zanakazo;<br>Isan'ny zanakazo voavoly;<br>Fitombon'ny zana-kazo ( haavony sy ny savaivony)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan'ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran'ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana:  refy  ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran'ny ala Honko rakotry'ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran'ny tany voakikin'ny ranomasina |
| Faritra fitsangatsanganana | Isan'ny fandikan-dalàna tratra |

**Tabilao 9 : Marim-pandrefesana amin'ny tombanezaka**

## XII- FEHINY

Ity drafi-panajariana sy fitantanana ity no mifehy ireo loharanon-karena voajanahary ao ANKAZOMBORONA, mikasika ny fiarovana sy fikajiana ary fanomezan-danja izany loharanon-karena voajanahary izany.

Marihina etoana fa azo hatsaraina ity drafi-panajariana sy fitantanana ity arakaraky ny fivoaran'ny zava-misy eny an-toerana.

Natao teto …………………………., androany faha ………………………,

Ny filohan'ny VOI ANKAMEVA                    Ny Talem-paritry ny Tontolo Iainana

# TOVANA

## TOVANA 1 : FAMARITANA NY FAMPIASANA NY HAZO HONKO ARAKA NY FILAN'NY MPONINA :

Misy karazany dimy ny filan'ny mponina amin'ny hazo honko amin'ny fiainany an-davanandro ao Ankazomborona:

1- Fanorenana trano vaovao sy fanarenana :
2- Fanaovana valakira
3- Fanamboarana fefy
4- Fanamboarana talatalana fanapazana trondro
5- Fanamboarana lakana

**a-Trano**

Isan'ny trano miorina ato Ankazomborona = **1050,**
Izay mitsinjara ho toy izao :

- Trano kasaka = **945 (90%)**
- Trano fanitso = **105 (10%)**
- Trano kasaka mbola matanjaka = **420 (40%)**
- Trano kasaka efa ratsy = **630 (60%)**
- Trano fanitso mbola mantanjaka = **105 (100%**

| Fanorenana trano vaovao 5m x 4m | Hazo lehibe ilaina | Golety ilaina |
|---|---|---|
| **40 isan-taona** no trano anaovana fanorenana vaovao na fanarenana ny samba | **65** amin'ny trano iray | **190** amin'ny trano iray |
| **TOTALY isan-taona** | **2600** | **7600** |

Marihina fa afaka efatra (04) na dimy (05) taona vao mety ho simba ny trano kasaka iray

Marihnina fa misy sarany ny fanapahana amin'ny zo nentimpaharazana k any dina no mamaritra izany
Ny isa 65 voasoratra eto dia milaza ny fetra ambony indrindra azo anomezana alàlana.

**b- Valakira**

Misy karazany roa ny valakira fampiasa ao Ankazomborona: Valakira izay atao eny amin'ny fahaka sy valakira izay atao eo ambavarano.

| | Valakira amin'ny fahaka | Valakira ambavarano |
|---|---|---|
| Isan'ny olona mampiasa valakira isan-taona | 10 | 03 |
| Hazo lehibe ilaina | 0 | 200 |
| Golety ilaina | 1000 | |
| **TOTALY isan-taona** | **10 000** | **600** |

**c- Fefy**

| Isan'ny tokan-trano manamboatra fefy vaovao | Hazo lehibe | Golety |
|---|---|---|
| 20 | 0 | 600 |
| **TOTALY isaky ny roa taona** | **0** | **12 000** |

**d- Talantalana fanapazana trondro**

| Isan'ny tokan-trano manamboatra talatalana | Hazo lehibe | Golety |
|---|---|---|

| | | |
|---|---|---|
| vaovao | | |
| 285 | 0 | 30 |
| **TOTALY isan-taona** | **0** | **8550** |

**e- Lakana**

| Isan'ny lakana mampiasa hazo honko | **Hazo lehibe** | **Golety** |
|---|---|---|
| 20 | 17 | 0 |
| **TOTALY isan-taona** | **340** | **0** |

**f-<u>Fandravonana ireo hazo honko ilaina isan-taona</u>** :

| Filazalazana | Hazo lehibe | Gaulettes |
|---|---|---|
| 1-Fanorenana trano vaovao | 2600 | 7600 |
| 2-Fanaovana valakira | 600 | 10.000 |
| 4-Fanaovana talatalana | | 8.550 |
| 5-Fanamboarana lakana | 340 | |
| **TOTALY** | **3540** | **26150** |

## TOVANA 2: FITSINJARANA NY ISAN'NY HAZO AZO ALAINA ISAN-TAONA AO ANATIN'NY FARITRY NY ZO NENTIM-PAHARAZANA

**1. Famaritana ny ala**

Mba ahafahana manapa-kevitra amin'ny fanajariana tokony atao amin'ny famindram-pitantanana mikasika ny ala honko sy ny fakana azy dia ilaina fantarina ny toetoetran'ny ala izany hoe ny habetsahan'ny hazo sy ny karazan-kazo misy ao anatin'ny faritry ny zo nentim-paharazana. Tamin'ny fanisana natao dia toy izao manaraka izao raha fintinina ny isan'ny hazo honko azo trandrahana sy ny habetsahany isaky ny hekitara ao Ankazomborona:

**2. Ireo karazan-kazo honko hita manokana ao anatin'ny faritry ny zo nentim-paharazana:**

| **Karazan-kazo (Nom vernaculaire)** | **Anarany ara-tsiantifika (Nom scientifique)** | **Isan-kazo ao anatin'ny refy 0,1 Ha (Nombre individu rencontré plot de 0,1Ha)** |
|---|---|---|
| Mosotry | **Avicenia marina** | **15** |

| | | |
|---|---|---|
| **Farafaka** | **Sonneratia alba** | **8** |
| **Honko vavy** | **Ceriops tagal** | **34** |
| **Moromony** | **Xylocarpus granatum** | **10** |
| **Honko lahy (Anabovahatra)** | **Bruguiera gmnorrhiza** | **22** |
| **Vonjihonko/Lovinjo** | **Lumnitzera racemosa** | **5** |
| **TOTAL :** | | **94** |

| **Velarany (Ha) (Surface Ha)** | **Habetsahany isaky ny Ha (Densité par Ha)** | | **Habetsahany hazo azo trandrahina (Quantité de bois exploitable)** | |
|---|---|---|---|---|
| | **Golety (gaulette)** | **Hazo lehibe (bois rond)** | **Golety (gaulette)** | **Hazo lehibe (bois rond)** |
| **572** | **210** | **730** | **120 086** | **417 442** |

Vokatr'io fanisana hazo izay natao tao anatin'ny ala honko faritry ny zo nentim-paharazana io ao ANKAZOMBORONA dia ferana toy izao manaraka izao ny isan-kazo honko azo alaina isan-taona raha oharina amin'ny tahiry:

- . Ho an'ny **Hazo lehibe boribory** dia, miisa **3540 isan-taona** no azo alaina;
- . Ho an'ny **Golety** kosa mba hampahomby tsara ny fitantanana sy mba tsy hahalany tamingana ny Golety ary mba ahatonga azy ho lasa hazo lehibe haingana dia foanana tsy azo atao ny maka Golety atao FEFY. Noho izany dia, miisa **26150 Golety isan-taona** no azo alaina.

**Tsara ho marihina fa na dia eo aza ireo karazan-kazo honko maro voalaza esty ambony dia ny Honko vavy (Ceriops tagal) no tena fampiasain'ny olona izakany ny zo nentim-paharazana.**

**Ny fitsinjarana izany dia hita amin'ireo tabilao etsy ambony ao amin'ny tovana faha roa izay mamaritra ny isan'ny hazo ilain'ny mponina arakaraka ny sokajim-pampiasana azy (**fanorenana trano vaovao, fanamboarana talantalana, fanamboarana lakana, fanamboarana fefy)

2016

# DRAFI-PANAJARIANA SY FITANTANANA NY ALA HONKO ANTENINA



**VOI FMTAM**

**KAOMININA AMBANIVOHITRA ANTSOHIMBONDRONA**
**DISTRIKA AMBILOBE**
**FARITRA DIANA**

ROSEDA AMBILOBE

01/01/2016

## FIZAHAN-TAKELAKA

FIZAHAN-TAKELAKA ..... i
I TENY FAMPIDIRANA ..... 1
II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA ..... 2
2.1 Fanolorana ny Fokontany : ..... 2
2.1.1 Famaritana ara-jeografika: ..... 2
2.1.2 Toe-tany sy toe-trandro: ..... 2
2.1.3 Ny ara-tsosialy ..... 2
2.1.4 Fanabeazana ..... 2
2.1.5 Fahasalamana ..... 2
2.1.6 Ny rafitra misy: ..... 2
2.1.7 Ny ara-toekarena ..... 3
III TANJON’NY FANAJARIANA ..... 4
IV TANJON’NY VOI ..... 5
V FAHARETANY ..... 5
VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA ..... 5
VII FEPETRA HITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA ..... 11
7.1 Faritra arovana ..... 11
7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana ..... 11
7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Alahonko ..... 12
7.4 Faritra fitsangatsanganana ..... 12
VIII DRAFITRASA ..... 14
8.1 Lamin’asa: ..... 14
8.2 Drafitr’asa taona 2016 ..... 14
IX RAFITRA APETRAKA AMIN’NY FITANTANANA ..... 16
X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA ..... 17
10.1 Arak’olona ..... 17
10.2 Ara-bola ..... 17
10.3 Fanamafisan’orina ny fahaiza-manaon’ireo mpitantana ..... 17
XI TOMBAN’EZAKA ..... 17
XII- FEHINY ..... 19

# I TENY FAMPIDIRANA

Antenina, anisan'ny tanana manana alahonko be velarana sady matevina. Ny fambolena Fary, Vary, Hasy ,ary ny jono andranomasina no foto-piveloman'ny mponina. Miankina betsaka amin'ny Loharanonkarena voajanahary andranomasina ( Alahonko, jono) ny fiainan'ny mponina, indrindra amin'ireo filàana andavan'andro . Tsy manana hazo hafa sady ankaiky azy ny mponina ao Antenina amin'ny fanorenana rehetra ataony afa-tsy ny Honko. ankoatry ny fambolena fary sy ny vary eo antoerana dia manao asa antselika ao amin'ny Orin'asa Sirama koa ny sasantsasany amin'ny mponina. Toerana tsy lavitry ny orin'asa SIRAMA ny Tanana Antenina, hany ka anisany nianjadian'ny tsindry mafy dia mafy ny Loharanonkarena voajanahary tao antoerana nandritra ny fotoana tsy niodinanan'ny Orin'asa SIRAMA ny taona 2000 hatramin'ny 2004. Ka ireo olona very asa, sy tsy afaka nivarotra fary tany amin'ny Orin'asa SIRAMA dia lasa nanao saribao tamin'ny ala honko, nanitatra tanimbary amin'ny ala honko ary nivarotra hazo honko mba ivelomana. Ripaka araka izany ny ala honko tao Antenina.Mbola nanampy trotraka tamin'izany koa ny fiovaovan'ny zotra arahan'ny reniranon'ni Mahavavy, izay antony fandri-pahana Tanana, sy ala honko ihany koa. Fa na teo aza izany rehetra izany, dia betsaka ny hezaka nataon'ny Vondron'olona Ifotony FMTAM Antenina nampian'ny Solontenam-panjakana mba isakanana fanimbana sy hanarenana ny fahasimbana. Nahazo Fifanekem-pamin-dram-pitantanana nandritra ny telo taona ny VOI Antenina, nahazo famatsiam-bola tamin'ny mpiara miombona antoka ho farenana ny Ala honko tamin'ny alalan'ny fambolena honko. Taty aoriana anefa, tapitra sy lany andro ny fifanekena, ka nampaharefo ny fiasan'ny VOI tao antoerana tamin'ny fitantanana maharitra ho fampanajana ireo drafi-panajariana sy fitantanana. Koa ankehitriny dia tonga amin'ny antony tokony anavaozana izany fifaneke-mpamin-dram-pintantanana izany izy, ka anavaozana ny Drafi-panajariana sy Fitantanana, izay fanohanana ara-bola avy amin'ny mpiaramiombona antoka wwf, ampian'ny famatsiambolan'ny BMZ avy amin'ny fanjakana Alemana.

Anisan'ny zava-kendrena amin'ity fanavaozana ny drafi-panajariana sy fitantanana ity ny ho fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary misy ao Antenina ireo . Ka ala honko mirefy 1148ha eo ho eo no voakasiky ny fanajariana sy fitantanana.

Ankoatran'ny fanentanana natao dia dingana maromaro no nolalovana sy nahafahana namoaka ity drafi-panajariana sy fitantanana ity:

- ✓ Ny fanadihadiana ara-piaraha-monina, ara-toekarena, kolontsaina ary ekolojika natao teny an-toerana;
- ✓ Ny fanavaozana amin'ny fomba demokratika ny Birao mpanatanteraka ny VOI (CLB) izay hitantana ny faritra;
- ✓ Ny famaritana ny faritra isaky ny sokajim-panajariana tokony atao araky ny tanjon'ny fanajariana ho tratrarina;
- ✓ Ny famaritana ny fepetra hitantanana isaky ny sokajim-pritra araka ny tanjon'ny fanajariana ho tratrarina;

- ✓ Ny famolavolana sy fametrahana ny Dina ifampifehezana mba hampahomby ny fitantanana

# II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA

## 2.1 Fanolorana ny Fokontany :

### 2.1.1 Famaritana ara-jeografika:

Antenina dia Fokontany iray hita ao amin'ny Kaominy ambanivohitra Antsohimbondrona, Distrika Ambilobe, Faritra DIANA izany hoe hita aty amin'ny tapany avaratry Madagasikara.

Avy amin'ny renivohitry ny Distrika Ambilobe, manaraka iny lalana mankany amin'ny SUCOMA (SIRAMA) iny, avy eo, mihazo ny fokontany Antsohimbondrona, izay vao Antenina ( Ambilobe- Antenina 33km).

### 2.1.2 Toe-tany sy toe-trandro:

Ahitana tany lemaka fambolena fary, vary, Hasy.
Tany magodra saika ala honko no mameno ny fokontany amin'ny ilany andrefana sy avaratra.
Amin'ny asara (fahavaratra) no tena be orana manomboka ny Desambra- Janoary- Febroary- Martsa no sady mafana. Mahatratra 31,8°C ny hafanana ambony indrindra ary 21,9°C ny ambany indrindra. Rah any rotsakorana indray dia mahatratra 1766,9mm isan-taona. Ny hafanana eo ambonin'ny ranomasina dia mahatratra 27,54°C, ary hasiran'ny ranomasina dia mahatratra 34,92g/l. Ny Haavon'ny ranomasina mahatratra 90mm, ary ny fitsokan'ny rivotra dia 23,4km/h amin'ny andavan'andro .
Manomboka ny volana Jona ka hatramin'ny Septambra dia somary mangatsiatsiaka ny andro
*( fanadiahadiana nataon'ny Reniala tamin'ny 2014)*

### 2.1.3 Ny ara-tsosialy

Araka ny fanisana natao dia miisa 1000 ny isan'ny mponina ao Antenina.

### 2.1.4 Fanabeazana

Misy sekoly ambaratonga fototra 2 ao Antenina ka ny iray dia ny sekolim-panjakàna, ny niray kosa sekoly tsy miankina antsoina hoe LOVASOA. Ambany ny tahan'ny fampidirana an-tsekoly (33%), izay mitarika taha ambony amin'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra (38%).

Tsy maintsy mandeha any amin'ny CEG d'Antsohimbondrona, na hatrany Ambilobe.ny mpianatra raha te hanohy hany ka maro ireo mitsoaka an-daharana.

### 2.1.5 Fahasalamana


Raha ny fahasalamana indray, azo lazaina tsy lavorary ny fahasalaman'ny mponina ao Antenina. Ny tazo, ny arentim-pivalànana, ny bilharziozy, ny tefoedra (fièvre typhoide) ary ny tiberkilaozy no arentina mateti-pitranga. Maro ny antony mety mahatonga izany toy ny fahalotoan'ny rano fisotro ka anisan'izany ny rano maloto avoakan'ny orinasa SUCOMA izay mihazo ny reniranon'i Mahavavy. Marihina fa tsy misy tombim-pahasalamana ao Antenina. Misy ny "Mpanentana ara-pahasalàmana roa"

### 2.1.6 Ny rafitra misy:

Antenina dia ahitana karazana fikambanana maromaro. Ny CLB izay misy mpikambana 400 mahery amin'izao, ahitana fikambanam-behivavy 02 karazana, ao koa ny Kaoperativan'ny mpanjono sy ny UNION ny kaoperativa mpanjono, ahitana fikambanan'ny tanora mpilalao baolina.

### 2.1.7 Ny ara-toekarena

Ny fambolena (vary, fary) no tena foto-piveloman'ny mponina ao Antenina, manarak'izany dia ny Jono ary ny fiompiana ( omby, akoho amam-borona…).





**Sary 1 : Fitsinjaran'ny velonteanan'ny mponina ao Antenina (isan-jatony) (VA/CC, ZO R, 2014)**

- **Jono:**

Ny makamba, ny tsivakiny (Patsa), ny drakatra ary ny loko an-dranomasina isan-karazany no jonoan'ny mponina andavan'andro. Periky natokana ho an'ny makamba sy Periky natokana ho an'ny trondro, ny Horoba natokana ho an'ny Tsivakiny, ny Garigary natokana ho an'ny Drakatra no fitaovam-panjonoana ampiasain'ny mpanjono:

### *2.1.8 Firafitry ny ala:*

Toy izao ny firafitry ny ala honko izay tantanan'ny VOI ao Antenina:





**Sary2 : Firafitry ny ala honko ao Antenina (VA/CC Reniala, 2014)**

Ireto avy ny mamaritra io ala tantanina io:Ao Atsinanana: Fokontany Analasatrana, Ao Atsimo: Fokontany Antsohimbondrona ary ao andrefana sy avaratra : Ranomasina kanaly Mozambika

## III TANJON'NY FANAJARIANA

Ny hiarovana sy hitantanana maharitra ny Ala honko sy ho fanarenana ireo faritra efa simba , ary indrindra fa mba hanatsarana ny vokatra azo avy amin'ny Jono .Fampitomboana ny vola miditra amin'ny mponina.




**Sary3 : Fivoaran'ny hatevin'ny ala honko ao Antenina tamin'ny 20 taona lasa(VA/CC Zo R, 2014)**

## IV TANJON'NY VOI

Ny fivoriana fifanakalozana teo amin'ny VOI no nahafahany namaritra ireto tanjona manokana ireto:

- Fiarovana sy fitantanana maharita ny ala honko.
- Ny fitantanana maharitra ny Jono andranomasina amin'ny fampiasana ireo fitaovana manara-dalàna,sy faritra fanjonoana voafaritra.
- Fanatsarana ny seha-pamokarana fambolena sy fiompiana


## V FAHARETANY

Folo taona no tondro aharetan'ny fanavaozana ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Tsy maintsy anaovana fanaraha-maso sy tomban'ezaka izany raha tampitra ny fe potoana, mikasika indrindra ny fanatanterahana ny fepetra voalaza ao amin'ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny bokin'andraikitra mifandraika amin'izany izay nekena sy nosoniavina.

## VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA

Ny fanadihadiana nataon'ny RENIALA tao Antenina dia mampiseho ny faharefoan'ny ala honko toy izao manaraka izao :




Mba ho entina mampiakatra ny fahafaha-miatrika ny ala honko dia nalamina ho toy izao ny fizaram-paritra :

mitsinjara efatra (04) ny faritra tantanin'ny VOI Antenina, izay manana fomba hanajariana azy avy sy fepetra hitantanany azy avy:

**<u>Faritra arovana tanteraka</u>**

- ✓ Natao ho atiala tahiry mba hiarovana ireo zava-manan'aina, biby, vorona, hazandrano;
- ✓ Natao ho toerana tsy idirana na hakana zavatra mihitsy.

**<u>Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana</u>**

- ✓ Natao hakan'ny mponinany zavatra ilainy amin'ny fiainana andavan'andro. Natao anaovana ireo asa fanabeazam-boho ny toekarena, fiompiana tantely.
- ✓ Tsy maintsy hakana fahazoan-dalana amin'ny VOI Anteninany fizakana ny zo nenti-paharazana, mba ho fandrindrana ny fitantanana.

**Faritra anarenana ny Alahonko**

- ✓ Natao hambolena honko ho fanatevenana ireo simba.


**Faritra fitsangatsanganana**

- ✓ Natao hialana voly, hitondrana mpizahan-tany, mba hampidi-bola hoan'ny mponina sy ny VOI.


Tabilao 1: **Ireo fizaram-paritra**

| **Fizarana** | **Toerana** | **Habeny (Ha)** | **Toetry ny faritra** | **Tanjona** |
|---|---|---|---|---|
| Faritra arovana (Ala fady) | Andrefan'Ampasy<br>Andrefan'Andavan'emboko<br>Ankarabo (Ampandriampanihy) | 156<br><br>(13,60%) | Ala honko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny)<br>Toerana ahitana tantely, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny Ala honko.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Avaratra Ampahaka<br>Ala honkon'Antsabaraogna | 482<br>(42%) | Ahitana hazo ilaina aminy fiainana andavan'andron'ny mponina<br>Akaiky tanàna<br>Efa vitsy ny karazana honko ao (tsitologiny, agnabo vahatra)<br>Tsy ahitana honko vavy maventy | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra. |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Avaratra Ampahaka (nosy satrana)<br>Andrefan'Ampahaka<br>Antignan'Avaratr'Ampasin'antenina<br>Andriha<br>Antsaha kafiry<br>Antsabaraogna | 510<br>(44,40%) | Mbola ahitana toerana malalaka sy lonaka ary azo anaovana tsara ny voly hazo honko;<br>Atahorana ho simba (ankarabo-antsaha bologno);<br>Ahitana fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko. | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba |
| Faritra fitsangatsanganana | Ampandriampanihy<br>Nosy mangiogno(corail, plage)<br>Ampasin'antenina (fisehagna) | | Ahitana karazan-kazo maro<br>Ahitana horoko, plage | Fampiroboroboana ny fizahantany<br>Ho fampidiram-bolan'ny VOI FMTAM |


**Tabilao1 : Ireo vaiki-paritra misy amin'ny fitantanana ala honko ao Antenina**




Sary4 : Ireo vakim-paritra ao Antenina




Sary5 : Ireo vakim-paritra ao Antenina 2




**Sary6 : Velaran'ireo vakim-paritra isan'isany ao Antenina**

# VII FEPETRA HITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA

## 7.1 Faritra arovana

Ny famaritana natao dia ahafahana manavaka tsara ny Faritra arovana izay saika ny saha na renirano no manasaraka azy amin'ny sokajim-paritra hafa. Ny fametrahana Pilaky na boué famantarana amin'ny toerana talaky hita maso sy ny famapahafantarana azy amin'ny fivoriambe no anisan'ny fepetra entina amin'izany.

Ny fitsinjarana ny andraikitra eo anivon'ny Polisin'ala , ny mpanjono manodidina sy manakaiky ny faritra dia fomba anamafisana ny fitantanana ny faritra.Omena alalana hanao tatitra na fitoriana amin'ny VOI na koa any amin'ny Komity Mpanatanteraka ny Dina « KMD » izay rehetra mahita zava-mitranga.

Atao ihany koa ny teti-andro fitsirihana sy fanaraha-maso ao amin'ny faritra, izay tanterahin'ny Polisin'ala .

| Faritra arovana | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | Fitsangatsanganana na mandalo<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manjono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa |

Tabilao2 : Ny drafi-pitantana ny faritra arovana

## 7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana

Manao fangatahana amin'ny VOI ny olona rehetra eo an-toerana izay manana fikasana hampiasa hazo hanaovana trano; fanaka, talantalana, golety, valakira., sns.. Hajaina ny fepetra rehetra mahakasika ny fizakana ny zo nentim-paharazana voalaza ato amin'ty boky ity. Voalaza any amin'ny tovana ny filazana ny andininy rehetra mikasika ny isan'ny hazo azo alaina isan-taona isan-tokan-trano mikasika ny zo nentim-paharazana.

| Faritry ny zo nenti-paharazana | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | -Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitaràna tanimboly na tanimbary |

Tabilao3 : Drafi-pitantanana ny faritra fakàna zo nentim-paharazana

## 7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Alahonko

Faritana mialoha ny teti-andro sy ny haben'ny asa fambolena honko ho atao eo anivon'ny fivoriambe famolavolana ny Drafitr'asa isan-taona.
Ny mponina ao antin'ny teroara no manao ny fambolena honko isan-taona, izay tarihin'ny Birao mpanatanteraka VOI.
Ny polisin'ala ary ny tsirairay dia ampiandraketina ny fanaraha-maso ny honko voavoly. Asiana pilaky famantarana amin'ny toerana talaki-maso ny faritra.

| Faritra fambolen-kazo honko | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | Mitsangatsangana<br>Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |

Tabilao4 : Drafi-pitantanana ny faritra fambolen-kazo

## 7.4 Faritra fitsangatsanganana

Faritana amin'ny alalan'ny pilaky koa ny toerana natokana ho fitsangatsanganana sy ho fialam-boly izay noeritreretina hisarihana mpizaha tany. Ny VOI no tompon'antoka amin'ny fandaminana rehetra mikasika ny asa hatao araka ny drafitr'asa voavolavola teo amin'ny fivoriam-be.

| | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Faritra fitsangatsanganana** | -Mitsangatsangana<br>-Manao fanaraha-maso<br>-Manao asa fanatsarana | -Manapatapaka hazo<br>-Manao maloto<br>-Maka sary raha tsy nahazo alalana avy amin'ny CLB |

**Famintinana** :
Raha atao indray mijery ny drafi-panajariana sy drafim- pitantanana voalaza ery ambony dia tahaka izao manaraka izao :

| Fizarana | Toerana | Habe ny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona | Fitsipi-pitantanana | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
| Faritra arovana (Ala fady) | Andrefan'Ampasy<br>Andrefan'Andavan'embok o<br>Ankarabo (Ampandriampanihy) | 156<br>(13,60 %) | Ala honko matevina , Toerana fandriam-borona sy biby , Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny), Toerana ahitana tantely, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny Ala honko.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. | Fitsangatsanganana na mandalo<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manjono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Avaratra Ampahaka<br>Ala honkon'Antsabaraogna | 482<br>(42%) | Ahitana hazo ilaina aminy fiainana andavan'andron'ny mponina<br>Akaiky tanàna<br>Efa vitsy ny karazana honko ao (tsitologiny, agnabo vahatra)<br>Tsy ahitana honko vavy maventy | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra | Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitaràna tanimboly na tanimbary |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Avaratra Ampahaka (nosy satrana)<br>Andrefan'Ampahaka<br>Antignan'Avaratr'Ampasin' antenina<br>Andriha<br>Antsaha kafiry<br>Antsabaraogna | 510<br>(44,40 %) | Mbola ahitana toerana malalaka sy lonaka ary azo anaovana tsara ny voly hazo honko;<br>Atahorana ho simba (ankarabo-antsaha bologno);<br>Ahitana fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko. | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba | -Mitsangatsangana<br>-Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |
| Faritra fitsangatsanga nana | Ampandriampanihy<br>Nosy mangiogno(corail, plage)<br>Ampasin'antenina (fisehagna) | | Ahitana karazan-kazo maro<br>Ahitana horoko, plage | Fampiroboroboana ny fizahantany<br>Ho fampidiram-bolan'ny VOI FMTAM | -Mitondra mpizahatany<br>-Miala voly<br>-Manadio<br>-Manorina fotodrafitr'asa fizahantany | -Manapaka hazo tsy nahazoana alalana<br>-Manao maloto<br>-Maka biby na vorona tsy nahazoana alalana |

**Tabilao5 : Famintinana ny drafi-pitantanana isaky ny vakim-paritra**

# VIII DRAFITRASA

Ny Drafitr'asa napetraka izay narafitra teo anivon'ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana sy fitantanana. Mitady fanohan'ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin'ny fanamafisana ny Fiarovana ny Ala honko.

## 8.1 Lamin'asa:

Mandritry ny faharetan'ny famindram-pitantanana dia misy ireto asa ireto ho tanterahina ao anatin'ny 10 taona ho avy :

| | Taona | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **ASA ATAO** | **1** | **2** | **3** | **4** | **5** | **6** | **7** | **8** | **9** | **10** |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | x | x | x | x | x | x | x | x | X | x |
| Fambolena honko | x | x | x | x | x | x | x | x | X | x |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | x | x | x | x | x | x | x | x | X | x |
| Fametrahana takelaka | x | | | x | | | | x | | |
| Fandokoana ny sisin'ny faritra | x | | x | | x | | x | | X | |
| Fanofanana polisin'ala | | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | x | | x | | | x | | | X | |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Tomban'ezaka | x | x | x | x | x | x | x | x | X | x |
| fitadiavana mpiara-miombon'antoka | x | x | x | x | x | x | x | x | X | x |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-pitantanana sy drafi-panajariana | x | x | x | x | x | x | x | x | X | x |
| Fividianana appareil photo ho an'ny CLB | | x | | | | | | | | |
| Fananganana sy fitantanana ny point de collecte ho an'ny drakaka | | x | | | | | | | | |
| Fividianana Tenue ho an'ny Polisin'ala | | | x | | | x | | | X | |
| Fanantsarana ny fidiram-bolan'ny CLB:(Fampanofana Stand 100 (2m*2m )ho any FISEHANA 2016) | | x | x | x | x | x | x | x | X | x |

**Tabilao6 : Drafitr'asa madritry ny faharetan'ny famindram-pitantanana**

## 8.2 Drafitr'asa taona 2016

Ny Drafitr'asa isan-taona izay narafitra teo anivon'ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana voafaritra.Mitady fanohan'ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin'ny fanamafisana ny Fiarovana sy Fitantanana ny Ala honko.

2

| Asa hatao | Isany, Habetsahany | FOTOANA HANATANTERAHANA AZY | | | | | | | | | | | | Tompon’andraikitra voalohany |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | J | F | M | A | M | J | J | A | S | O | N | D | |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | isan-bolana | | | | | | | | | | | | | Polisin'Ala |
| Fambolena honko | 5 ha | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komity mpanara-maso, Polisin'Ala |
| Fametrahana takelaka isaky ny vaki-paritra | 65 takelaka | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fandokoana kakazo amin'ny sisin’ny vaki-paritra isanisany | 800 hazo | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Fokonolona |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | in-1 isan-3 taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanaganana sy fampitaovana trano biraon'ny CLB 6m x 4 m | in-1 isanky ny 5 taona | | | | | | | | | | | | | clb, Biraon'ny CLB |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-panajariana sy fitantanana ary ny DINA | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanaovana tatitry ny asa (Rapport d’activités) | isaky ny 2 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan’ny CLB sy ny Mpitambola |
| fitadiavana mpiara-miombon’antoka | isan-3 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB |
| Fampiroboroboana sy fanarahamaso ny fitarimiana akoho ho fanatsarana ny velotegna | isam-bolana | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Fanantsarana ny fidiram-bolan'ny CLB(lakana,collecte,cotisation) | isan-bolana | | | | | | | | | | | | | Tresoriere |
| Fanentanana fanadiovana tanàna | isa-3 volana | | | | | | | | | | | | | |
| Fanentanana amin'ny fanaovana WC | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Jean de dieu Tombolahy (Conseiller) |

| | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tomban'ezaka | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komitin'ny tomban'ezaka |
| Fanentanana sy fampiofanana amin’ny fitarimiana drakaka sy akoho | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Président CLB |


Tabilao 7 : Drafitr’asa clb 2016

**Fanamarihana :** ny CLB dia tsy maintsy manavao isan-taona izao drafitr’asa izao, ahafahany manatratra ny tanjona napetraka ato anatin’ity drafitra ity.

## IX RAFITRA APETRAKA AMIN’NY FITANTANANA

Ny Fivoriambe no fahefana faran-tampony ao amin’ny VOI FMHT ka ny Birao mpanatanteraka no manatanteraka ny asa voavolavola avy tamin’ny Fivoriambe. Mba hampahomby sy hampateza ny fitantanana dia apetraka ny vaomiera isan-karazany ho fampandraisana andraikitra ny mpikambana tsirairay (vaomieran’ny ala, vaomieran’ny afo, vaomieran’ny fampandrosoana…), eo ihany koa ny Dina izay anisan’ny fitaovana iray eo ampela-tanan’ny CLB, entina hitantanana ireo loharanon-karena voajanahary ireo, ka ny KMD (Komity Mpanatanteraka ny Dina) no miandraikitra ny fampiharan’azy.

Ny VOI na ny CLB dia tsy afaka mandeha irery raha te ahazo vokatra tsara fa tsy maintsy miara-miasa na mifandray amin’ireo antokon-draharaham-panjakana isan-tsokajiny voakasik’izany (Fokontany, Kaominina, STD na ny sampandraharaham-panjakana)




Sary7 : Rafitra voakasiky ny fitantanana

**Fepetra samihafa:**

Ny Birao mpanatanteraka, ny Polisin'ala , ampian'ny olona tsirairay ao anatin'ny Teroara no manao ny fanaraha-maso, sy mitondra tatitra na fitorohana any amin'ny KMD raha misy fandikan-dalana voatsikaritra..

Ny Birao mpananteraka ampian'ireo mpikambana amin'ny KMD no mitantana ny vonodina, amin'ny fampiharana ny Drafi-pitantanana.

Ny fanapahan-kevitry ny filankevitra kaominaly no mamaritra ny fitsinjarana ny vonodina.

Any amin'ny  DINA no ahitana ny ampitsopitsony rehetra mikasika ny fepetra sy fitsipika ary ny vonodina mifanaraka amin'izany.

# X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA

## 10.1 Arak'olona

Tompon'andraikitra avokoa ny mpikambana sy ny mponina ao anaty teroara amin'ny fanatanaterahana ny Drafi-panajariana.

Ireo teknisianina ara-panjakana sy avy amin'ny mpiara miobona antoka dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fampiharana ny Drafi-panajariana.

## 10.2 Ara-bola

Ny saram-pitantanana avy min'ny fampiasana ny loharanon-karena voajanahary no vola entina ampahanana ny raharaham-pitanatanana. Eo ihany koa ireo vola avy amin'ny vonodina, fanampiana, latsakemboky ny mpikambana.

## 10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana

Alahatra ao anty tetiandron'ny drafitr'asa ny karazampiofanana ilaina amin'ny fitantanana mba hanamafisana ny fahaiza-manaon' ny mpitantana.

# XI TOMBAN'EZAKA

Mba ahafana mandrefy ny ezaka vita na koa ny fivoaran'ny fitantanana dia ho jerena ireto mari-pandrefesana ireto:

| Vakim-paritra | Maripan-drefesana |
|---|---|
| Faritra arovana tanteraka | Isan'ny fanapahana hazo tratra<br>Fangalarana kakazo ataon’ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravana<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Velaran’ny Ala honko voatetika;<br>Isan'ny mpanjono anaty saha tratra<br>Isan'ny mpangala vokatra tratra (biby arovana-vorona arovana-tantely-drakatra-sns...)<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Fitomboan'ny ala honko matevina (porofoina amin'ny sarintany)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan’ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran’ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana:  refy  ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran’ny ala Honko rakotry’ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran’ny tany voakikin’ny ranomasina |
| Zo nenti-paharazana | fanapahana hazo tsy nahazoana alalàna<br>Isan'ny fahazoan-dalàna navoaka<br>fangalarana kakazo ataon’ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravàna<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Isan'ny fivarotana kakazo ivelan’ny tanàna<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fiakaran’ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana:  refy  ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran’ny ala Honko rakotry’ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran’ny tany voakikin’ny ranomasina |
| Fanatevenana sy Fanarenana | Velaran’ny Ala honko voavoly zanakazo;<br>Isan’ny zanakazo voavoly;<br>Fitombon’ny zana-kazo ( haavony sy ny savaivony)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan’ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran’ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana:  refy  ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran’ny ala Honko rakotry’ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran’ny tany voakikin’ny ranomasina |
| Faritra fitsangatsanganana | Isan'ny fandikan-dalàna tratra |

**Tabilao8 : Ireo mari-drefy ampiasaina amin’ny tomban’ezaka**

## XII- FEHINY

Ity drafi-panajariana sy fitantanana ity no mifehy ireo loharanon-karena voajanahary ao ANTENINA, mikasika ny fiarovana sy fikajiana ary fanomezan-danja izany loharanon-karena voajanahary izany.

Marihina etoana fa azo hatsaraina ity drafi-panajariana sy fitantanana ity arakaraky ny fivoaran'ny zava-misy eny an-toerana.

Natao teto …………………………., androany faha ………………………,

Ny filohan'ny VOI FMTAM Ny Talem-paritry ny Tontolo Iainana

2

# TOVANA

**TOVANA 1:**
**FAMARITANA NY FAMPIASANA NY HAZO ARAKA NY FILAN'NY MPONINA:**

**a-IREO FILANA AMIN'NY ALA HONKO**

Ireto avy ireo karazan-javatra tsy maintsy ilàna hazo honko ato amin'ny fokontany ANTENINA:

- Fanamboarana trano vaovao sy fanarenana
- Fanamboarana talantalana
- Fanamboarana varion'omby, akoho amam-borona…
- Fanamboarana lakana

| karazany | Isan'ny hazo boribory | TOTALY | Isan'ny golety | TOTALY |
|---|---|---|---|---|
| Fanamboarana trano 5m/4m (15 isan-taona no trano amboarina) | 60 | **900** | 100 | **1500** |
| Fanamboarana talantalana (10 tokan-trano) | 10 | **100** | 50 | **500** |
| Fanamboarana vario (4 tokan-trano isan_taona) | 160 | **640** | 0 | |
| Fanamboarana lakana (lakana 02 isan-taona) | 10 | **20** | 0 | |
| **T0TALY isan-taona** | | **1660** | | **2000** |

Marihina fa ao anatin'ny dimy taona indray vao mety ho simba ny trano vaovao iray.

Amin'izao fotoana izao dia miisa **350** ny trano miorina ao amin'ny Fokontany Antenina.

**TOVANA 2**
**FITSINJARANA NY ISAN'NY HAZO AZO ALAINA ISAN-TAONA AO ANATIN'NY FARITRY NY ZO NENTIM-PAHARAZANA**

Famaritana ny ala

Mba ahafahana manapa-kevitra amin'ny fanajariana tokony atao amin'ny famindram-pitantanana mikasika ny ala honko sy ny fakana azy dia ilaina fantarina ny toetoetran'ny ala izany hoe ny habetsahan'ny hazo sy ny karazan-kazo misy ao anatin'ny faritry ny zo nentim-paharazana. Tamin'ny fanisana natao dia toy izao manaraka izao raha fintinina ny isan'ny hazo honko azo trandrahana sy ny habetsahany isaky ny hekitara ao Antenina:

Ireo karazan-kazo honko hita manokana ao anatin'ny faritry ny zo nentim- paharazana:

| Karazan-kazo (Nom vernaculaire) | Anarany ara-tsiantifika (Nom scientifique) | Isan-kazo ao anatin'ny refy 0,1 Ha (Nombre individu rencontré plot de 0,1Ha) |
|---|---|---|
| Mosotry | Avicenia marina | 4 |
| Tsitologny | Bruguiera gymnorrhiza | 3 |
| Honko vavy | Ceriops tagal | 43 |
| Honko lahy (Anabovahatra) | Rhyzophora mucronata | 92 |
| TOTAL : | | 142 |

| Velarany(Ha) (Surface Ha) | Habetsahany isaky ny Ha (Densité par Ha) | Habetsahany hazo azo trandrahina (Quantité de bois exploitable) |
|---|---|---|
| | Golety (gaulette)<br>Hazo boribory<br>(bois rond) | Golety (gaulette)<br>Hazo boribory<br>(bois rond) |
| 482 | 1420 | 684 271 |

Vokatr'io fanisana hazo izay natao tao anatin'ny ala honko faritry ny zo nentim-paharazana io ao ANTENINA dia ferana toy izao manaraka izao ny isan-kazo honko azo alaina isan-taona raha oharina amin'ny tahiry:

. Ho an'ny Hazo boribory dia, miisa 1660 isan-taona no azo alaina;

. Ho an'ny Golety kosa dia, miisa 2000 isan-taona no azo alaina.

Tsara ho marihina fa na dia eo aza ireo karazan-kazo honko maro voalaza esty ambony dia ny Honko vavy (Ceriops tagal) no tena fampiasain'ny olona isaky ny maka zo nentim-paharazana.

Ny fitsinjarana izany dia hita amin'ireo tabilao etsy ambony ao amin'ny tovana faha roa izay mamaritra ny isan'ny hazo ilain'ny mponina arakaraka ny sokajim-pampiasana azy (fanorenana trano vaovao, fanamboarana talantalana, fanamboarana rovan'akoho na vorona, fanamboarana varion'omby)

2016

# DRAFI-PANAJARIANA SY FITANTANANA NY ALA HONKO SY ALA BONGOANTSATRANA



**VOI FMTA**

**KAOMININA AMBANIVOHITRA BERAMANJA**
**DISTRIKA AMBILOBE**
**FARITRA DIANA**

ROSEDA AMBILOBE

ROSEDA

## FIZAHAN-TAKELAKA


FIZAHAN-TAKELAKA ........ i
LISITRY NY SARY ........ ii
LISITRY NY TABILAO ........ ii
I TENY FAMPIDIRANA ........ 1
II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA AO ANTSATRANA ........ 2
2.1 Famaritana ara-jeografika: ........ 2
2.2 Toe-tany sy toe-trandro: ........ 2
2.3 Ny ara-tsosialy ........ 2
2.4 Ny ara-toekarena ........ 3
2. 5 Firafitry ny ala: ........ 4
2.2 Famaritana ny toerana misy ny loharanon-karena voajanahary ........ 5
III TANJON'NY FANAJARIANA ........ 5
IV TANJON'NY VOI ........ 5
V FAHARETANY ........ 6
VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA ........ 6
6.1 Faritra arovana tanteraka ........ 6
6.2 Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana ........ 6
6.3 Faritra anarenana ny Alahonko ........ 6
6.4 Faritra Fitsangatsanganana ........ 6
VII FEPETRA FANAJARIANA SY FITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA ........ 12
7.1 Faritra arovana ........ 12
7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana ........ 12
7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Alahonko ........ 13
7.4 Faritra fitsangatsanganana ........ 13
7.5 Famintinana ........ 14
VIII DRAFITR'ASA ........ 16
8.1 Lamin'asa anatin'ny folo taona ........ 16
8.2 Lamin'asa mandritry ny taona 2016 ........ 17
IX RAFITRA APETRAKA AMIN'NY FITANTANANA ........ 18
X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA ........ 19
10.1 Arak'olona ........ 19
10.2 Ara-bola ........ 19
10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana ........ 19

XI TOMBAN'EZAKA ........................................................................................................ 19
XII- FEHINY ................................................................................................................ 20
TOVANA 1 :FAMARITANA NY FAMPIASANA NY HAZO HONKO ARAKA NY FILAN'NY MPONINA : ................................................................................................ 22
TOVANA 2:FITSINJARANA NY ISAN'NY HAZO AZO ALAINA ISAN-TAONA AO ANATIN'NY FARITRY NY ZO NENTIM-PAHARAZANA............................................. 24

## LISITRY NY SARY

Sary 1 : Fizarazaran'ny foko misy ao Antsatrana (VA/CC Zo R, 2014) .................................. 2
Sary 2 : Ireo asa fiveloman'ny Mponina ao Antsatrana ( isan-jato) (VA/CC Zo R., 2014) ...... 3
Sary 3 : Firafitry ny ala hoko ao Antsatrana *(VA/CC RENIALA, 2014)* ................................. 4
Sary 4 : Ireo fahasimbàna nisy tamin'ny honko nandritry ny 20 taona lasa (VA/CC ZO R, 2014)........................................................................................................................ 5
Sary 5: Saritany maneho ny faharefoan'ny Ala honko ......................................................... 8
Sary 6 : Vakim-paritra hapetraka amin'ny fitantanana .......................................................... 9
Sary 7: Vakim-paritra sy ny velarany.................................................................................... 10
Sary 8 : Fampiasana ny loharonon-karena voajanahary......................................................... 11
Sary 9 : Rafitra voakasiky ny fitantanana ............................................................................. 18

## LISITRY NY TABILAO

Tabilao1 : Isan'ny mpianatra isaky ny kilasy......................................................................... 3
Tabilao2 : Ireo fikambanana mavitrika ao Antsatrana ........................................................... 3
Tabilao3 : Ireo Zana-paritra-paritra amin'ny fitantanana ny ala honko .................................. 7
Tabilao 4 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra arovana...................................................... 12
Tabilao 5 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra zo nentim-paharazana ............................... 12
Tabilao 6 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fambolen-kazo honko ............................... 13
Tabilao 7 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fitsangantsagana........................................ 13
Tabilao 8: Famintinana ny drafi-panajariana sy fitantanana .................................................. 15
Tabilao 9 : amin'ny asa mandritry ny folo taona .................................................................. 16
Tabilao 10 : Lamin'asa mandritry ny taona voalohany (2016) .............................................. 17
Tabilao 11 : Marim-pandrefesana amin'ny tombanezaka ..................................................... 20

# I TENY FAMPIDIRANA

Anisany toerana manan-karena eo amin'ny Harena voajanahary azo havaozina toy ny Ala honko, Ala antanety, ary hazandranomasina ny Tanana Antsatrana. Ny Jono andranomasina dia anisan'ny foto-piveloman'ny mponina, ary saika ny hazo honko no ankaiky sy fampiasany amin'ny fanaovan-trano sy ampiasainy amin'ny asa fanojoana rehetra, hany ka miankina be dia be amin'ireo loharanon-karena voajanahary eo antoerana ny fiainany. Mitombo vesatra araka izany ny tsindry mihatra amin'ireo harena voajanahary eo antoerana. Tsy maintsy ho ny fitantanana maharitra ireo loharanon-karena ireo no tokony himasoana, ka miezaka amin'izany ny fitondram-panjakana ampian'ireo Vondron'olona mpitantana eny ifotony, miaraka amin'ireo mpiara miombona antoka.

Ny Vondron'olona Ifotony FMTA Antsatrana dia efa manana traik'efa eo amin'ny fitantanana maharitra ny Loharanon-karena voajanahary azo havaozina, efa hatramin'ny taona 2000 no nanmboahany nandray fitantanana, ka telo taona no faharetan'izany. Fahombiazana no hita, na dia teo ireo olana natrehiny nohon'ny fifanekem-pamindram-pitanatanana efa maty paikandro, ka anisany antony anaovana ity fanavaozana drafi-panajariana sy fitanatanana ity.

Anisan'ny zava-kendrena amin'ity fanavaozana ny drafi-panajariana sy fitantanana ity ny ho fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary misy ao Antsatrana ireo **.**

Ankoatran'ny fanentanana natao dia dingana maromaro no nolalovana sy nahafahana namoaka ity drafi-panajariana sy fitantanana ity:

- Ny fanadihadiana ara-piaraha-monina, ara-toekarena, kolontsaina ary ekolojika natao teny an-toerana;
- Ny fanavaozana amin'ny fomba demokratika ny Birao mpanatanteraka ny VOI (CLB) izay hitantana ny faritra;
- Ny famaritana ny faritra isaky ny sokajim-panajariana tokony atao  araky ny tanjon'ny fanajariana ho tratrarina;
- Ny famaritana ny fepetra hitantanana isaky ny sokajim-pritra araka ny tanjon'ny fanajariana ho tratrarina;
- Ny famolavolana sy fametrahana ny Dina ifampifehezana mba hampahomby ny fitantanana

# II FAMARITANA NY TOERANA MISY NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA TANTANINA AO ANTSATRANA

## 2.1 Famaritana ara-jeografika:

Ny harena voajanahary azo havaozina izay tantanina dia ao amin'ny Fokontany **Antsatrana**, Kaominy ambanivohitra **Beramanja,** Distrikan'**Ambilobe**, faritra **DIANA.**
**Toy izao ny mamaritra azy:**
Ao avaratra: **Fokontany Ankazomborona**
Ao Atsimo: **Fokontany Ankazomahity**
Ao antsinanana: **Bongo Ankaria**
Ao andrefana: **Ranomasina kanaly Mozambika**
Ny Harena voajanahary anton'ny Fanavaozana ny famindram-pitantanana dia manana refy mitsinjara toy izao: **2306 ha** ny Ala honko, ary **860 ha** ny Ala amin'ny Bongo Ankaria.


## 2.2 Toe-tany sy toe-trandro:

Ahitana tany lemaka kely azo ambolena vary st voly avotra
Tany magodra saika ala honko no mameno ny fokontany amin'ny ilany andrefana, avatratra
Ny bongo (tanety) Ankaria no saika mandrakotra ny ilany antsinanana sy atsimo
Amin'ny asara (fahavaratra) no tena be orana manomboka ny Desambra- Janoary- Febroary- Martsa no sady mafana ihany koa.
Manomboka ny volana Jona ka hatramin'ny Septambra dia somary mangatsiatsiaka ny andro ary mihena ny rotsakorana.

## 2.3 Ny ara-tsosialy

- **Ny mponina**

Araka ny fanisana natao dia miisa 2015 ny isan'ny mponina ao Antsatrana ary 820 ny isan'ny mponina ao amin'ny Fokontany Manehoko,




**Sary 1 : Fizarazaran'ny foko misy ao Antsatrana (VA/CC Zo R, 2014)**

- **Raha mikasika ny fanabeazana dia toy izao manaraka izao:**

Misy sekoly fanabezana fototra am-panjakàna iray na EPP  ao Antsatrana ahitanany kilasy hatramin'ny T5. 80% n'nymponina dia mahay mamaky teny sy manoratra. Toy izao ny fizarazarana isaka kilasy :

| KILASY | ISAN'NY MPIANATRA |
|---|---|
| **11e** | 75 |
| **10e** | 53 |
| **9e** | 45 |
| **8e** | 26 |
| **7e** | 19 |

Tabilao1 : Isan'ny mpianatra isaky ny kilasy

- **Fahasalamana**


  Tsy misy tobim-pahasalamana ao Antsatrana fa ny mpitsabo mpanampy, Agent Communautaire (A.C) no miandraikitra ny lafiny ara-pahasalamana ao an-toerana. Ny Fivalanana, fièvre, fivontosana no matetika mahazo ny mponina. Amin'ny lafiny fidiovana, arak any fanisana dia miisa 08 ny borne fontaine mandeha izay vatsian'ny sinibendrano mihadiry 7m$^3$. Marihina fa voakojakoja ireo borne fontaine ireo noho fandraisana andraikitry ny komity mpikojakoja 8 isaky ny borne fontaine.
- **Ireo karazana fikambanana sy sehatra hafa:**

| KARAZANY | ISAN'NY MPIKAMBANA | VAVY | LAHY |
|---|---|---|---|
| CLB | 386 | | |
| Vehivavy VEMA | 36 | 32 | 04 |
| Vehivavy MAHITA HEVITRA | 42 | 42 | 0 |
| FITIA | 25 | 15 | 10 |
| Tanora | 315 | | |
| Mpanjono drakatra KMDA | 46 | 06 | 40 |
| KPA I | 26 | 0 | 26 |

Tabilao2 : Ireo fikambanana mavitrika ao Antsatrana

## 2.4 Ny ara-toekarena

Toy izao manaraka izao ny fizarazaran'ny asa fivelomana ataon'ny mponina ao Antsatrana :




Sary 2 : Ireo asa fiveloman'ny Mponina ao Antsatrana ( isan-jato) (VA/CC Zo R., 2014)

Ankoatra ny fiharian-karena jono dia anisan'ny ahazoan'ny mponina vola ihany koa ny fiharian-karena fambolena vary ary ny fiompiana madinidinika (akoho amam-borona) izay vadin'asa ihany.

- **Jono:** Araka nyfanadihadiana natao dia toy izao ny zava-misy ao Antsatrana mahakasika ny jono :

Isan'ny lakana fanaratoana: 172 ; isan'ny mpanjono makamba sy trondro: 80; isan'ny mpanjono Drakatra: 76; isan'ny lakana miasa: 162; isan'ny Arato: 80 ka 2 % tsy

manarapenitra ;  isan'ny fitana:  10 ; Isan'ny valankira: 46 ; Isan'ny horoba tsivakiny: 500; isan'ny la charrue: 60; Isan'ny garigary: 300, isan'ny mouillage: 20 par pers x 150 pers; 96% mpanjono drakatra mampiasa garigary.


**Karazana Jono :** Jono  makamba, Jono trondro fa indrindra ny Mahaloky, Jono tsivakiny (Patsa), Jono drakatra.

**Fitaovam-panjonoana ampiasain'ny mpanjono:**

Kaokobe natokana ho an'ny makamba,  Periky natokana ho an'ny makamba, Periky natokana ho an'ny Mahaloky, Horoba natokana ho an'ny Tsivakiny, Garigary natokana ho an'ny Drakatra, Valakira (fomba fanjonoana nentim-paharazana)

## 2. 5 Firafitry ny ala:

Toy izao no firafitry ny ala honko sy ala bongo izay tantanin'ny VOI FMTA ao Antsatrana:




**Sary 3 : Firafitry ny ala hoko ao Antsatrana** *(VA/CC  RENIALA, 2014)*

Hita ao Antsatrana daholo ireo karazana honko valo (08) mandrafitra ny ala honko eto Madagasikara dia ny :

- Honko vavy, Anabovahatra, Mosotry, Tsitologny, Antalaotra, Farafaka, Lovinjo, Moromony ary ao ihany koa ny atao hoe Varo.

### 2.2 Famaritana ny toerana misy ny loharanon-karena voajanahary

Ny harena voajanahary azo havaozina izay tantanina dia ao amin'ny Fokontany ANTSATRANA, Kaominy ambanivohitra Beramanja, Distrikan'Ambilobe, faritra DIANA.

Toy izao ny mamaritra azy:

Ao avaratra: Fokontany Ankazomborona

Ao Atsimo: Fokontany Ankazomahity

Ao antsinanana: Bongo Ankaria

Ao andrefana: Ranomasina kanaly Mozambika


Ny Harena voajanahary anton'ny Fanavaozana ny famindram-pitantanana dia manana refy mitsinjara toy izao: 2306 ha ny Ala honko, ary 860 ha ny Ala amin'ny Bongo Ankaria

## III TANJON'NY FANAJARIANA

Ny hiarovana sy hitantanana maharitra ny Ala honko  ary ho fanarenana ireo faritra efa simba mba hanatsarana ny vokatra azo amin'ny Jono no fototra lehibe amin'izany.

Fiarovana ny ala bongo Ankaria mba tsy hanimba ny faritra ambany misy ireo ala honko.

Fampitomboana ny vola miditra amin'ny mponina.




**Sary 4 : Ireo fahasimbàna nisy tamin'ny honko nandritry ny 20 taona lasa (VA/CC ZO R, 2014)**

Raha fintinina dia ny hamadika ny fironanan makany amin'ny fahasimbàna izay niha-nahazo laka isan-taona ho fitomboana velàrana sy ho fanatsaràna ny firafitry ny ala indray.

## IV TANJON'NY VOI

Ny fivoriana fifanakalozana teo amin'ny VOI no nahafahany namaritra ireto tanjona manokana ireto:

- Fiaraovana sy fitantanana maharita ny ala honko sy ala amin'ny bongo Ankaria.
- Ny fitantanana maharitra ny Jono andranomasina amin'ny fampiasana ireo fitaovana manara-dalàna,sy faritra fanjonoana voafaritra.
- Ny fampiroboroboana ny fizahan-tany

# V FAHARETANY

Folo taona no tondro aharetan'ny fanavaozana ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Tsy maintsy anaovana fanaraha-maso sy tomban'ezaka izany raha tampitra ny fe potoana, mikasika indrindra ny fanatanterahana ny fepetra voalaza ao amin'ny fifanekem-pamindram-pitantanana sy ny bokin'andraikitra mifandraika amin'izany izay nekena sy nosoniavina.

# VI FITSINJARANA NY FARITRA ISAN-TSOKAJIM-PAMPIASANA

Mitsinjara dimy (05) ny faritra tantanin'ny VOI FMTA ao ANTSATRANA, izay manana fomba hanajariana azy avy sy fepetra hitantanany azy:

## 6.1 Faritra arovana tanteraka

- ✓ Natao ho atiala tahiry mba hiarovana ireo zava-manan'aina , biby, vorona, hazandrano;
- ✓ Natao ho toerana tsy idirana na hakana zavatra mihitsy.

## 6.2 Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana

- ✓ Natao hakan'ny mponina ny zavatra ilainy amin'ny fiainana andavan'andro toy ny hazo anaovana trano, talantalana, ny ravinkazo atao fanafody.
- ✓ Natao anaovana ireo asa fanabeazam-boho ny toekarena, fiompiana tantely.
- ✓ Tsy maintsy hakana fahazoan-dalana amin'ny VOI FMTA ny fizakana ny zo nenti-paharana, mba ho fandrindrana ny fitantanana.

## 6.3 Faritra anarenana ny Alahonko


- ✓ Natao hambolena honko ho fanatevenana ireo simba.

## 6.4 Faritra Fitsangatsanganana


- Ity faritra ity dia manana otrik'harena ho amin'ny fizahan-tany

| Fizarana | Toerana | Habeny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona |
|---|---|---|---|---|
| Faritra arovana (Ala fady) | **<u>Ala honko:</u>**<br><br>Bedrakatra<br>Ankazoabohely<br>Ambatafo (Mosoron'ny Lasy) | 1532<br>(48,39%) | Ala honko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny)<br>Toerana ahitana tantely, gidro, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny Ala honko.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. |
| | **<u>Ala bongo:</u>**<br><br>Ankaria | 860<br>(27,16%) | Ala matevina izay mbola ahitana ireo karazan-kazo maro samihafa.<br>Toerana izay mbola ahitana ireo karazam-biby sy vorona maro | Fiarovana ny ala bongo.<br>Hampitombo ny vokatry ny fambolena sy ny jono. |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Ambatafo (Anketrakabe)<br>Andimaka | 681<br>(21,51%) | Ahitana hazo sy golety,<br>Akaiky tanàna.<br>ilaina amin'ny fiainana andavan'andro | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra |
| | Ankaria ambany | | | |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Ambatafo ( Anketrakabe), Mosoromangamena, Ambarabanja (lalagna antsakoa), Andimaka mosoroni doara, Nosy kajoihy, Nosin'Antsatrana, Ambarabanja ambatafo, Andimaka1, Andimaka2, Fahakabe, Beangolo, Betaingiriky ao Ambatafo Mosoron'ny lasy | 91<br>(2,87%) | Fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba |
| Faritra fizahantany | Bongo Ambatafo | 02<br>(0,60%) | Ala manify, point de vue | Fitsangatsanganana, fampidiram-bola hoan'ny VOI |


**Tabilao3 :** Ireo Zana-paritra-paritra amin'ny fitantanana ny ala honko




**Sary 5: Saritany maneho ny faharefoan'ny Ala honko**





**Sary 6 : Vakim-paritra hapetraka amin'ny fitantanana**




**Sary 7: Vakim-paritra sy ny velarany**

Antsatrana




Système de coordonné : GCS_WGS 1984

**Sary 8 : Fampiasana ny loharonon-karena voajanahary**

# VII FEPETRA FANAJARIANA SY FITANTANANA NY SOKAJIM-PARITRA

## 7.1 Faritra arovana

Ny famaritana natao dia afaka manavaka tsara  ny Faritra arovana izay saika ny saha na renirano no manasaraka azy amin'ny sokajim-paritra hafa. Ny fametrahan Pilaky na boué famantarana amin'ny toerana talaky hita maso sy ny famapahafantarana azy amin'ny fivoriambe no anisan'ny fepetra entina amin'izany.

Ny fitsinjarana ny andraikitra eo anivon'ny Polisin'ala, sy ny mpanjono manodidina sy manakaiky ny faritra dia fomba anamafisana ny fitantanana ny faritra.Omena alalana hanao tatitra na fitoriana amin'ny VOI na KMD  izay rehetra mahita zava-mitranga.

Atao ihany koa ny  teti-andro fitsirihana sy fanaraha-maso ao amin'ny faritra, izay tanterahin'ny Polisin'ala.

| Faritra arovana | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Ala honko** | Fitsangatsanganana na mandalo<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Majono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Mangala biby na vorona na  tantely na vokatra hafa |
| **Ala bongo Ankaria** | Fitsangatsanganana na mandala<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manapaka hazo<br>Manitatra tanimbary<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa.<br>Manorina trano |

Tabilao 4 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra arovana

## 7.2 Faritry ny zo nentim-paharazana

Manao fangatahana amin'ny VOI ny olona rehetra eo an-toerana izay manana fikasana hampiasa hazo honko hanaovana trano; fanaka, talantalana, golety. Hajaina ny fepetra rehetra mahakasika ny fizakana ny zo nentim-paharazana voalaza ato amin'ity drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Voalaza any amin'ny **tovana**ny filazana ny andininy rehetra mikasika ny isan'ny hazo azo alaina isan-taona isan-tokantrano arakaraka ny filana mikasika ny zo nentim-paharazana.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Faritry fakàna zo nentim-paharazana** | -Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny  komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitarana tanimboly na tanimbary<br>- Manapaka Honko vavy any amin'ny faritra marefo misy ny honko fohy  na mazava;<br>-Manapaka Mosotry manatrika ny ranomasina<br>- Manapaka hazo honko 25 metatra miala ny sisin'ny saha na ranomasina |

Tabilao 5 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra zo nentim-paharazana

## 7.3 Faritra fambolen-kazo sy fanatevenana ny Alahonko

Faritana mialoha ny teti-andro sy ny haben'ny asa fambolena honko ho atao eo anivon'ny fivoriambe famolavolana ny Drafitr'asa isan-taona.

Ny mponina ao antin'ny teroara no manao ny fambolena honko isan-taona, izay tarihin'ny Birao mpanatanteraka VOI.

Ny polisin'ala ary ny tsirairay dia ampiandraketina ny fanaraha-maso ny honko voavoly. Asiana pilaky famantarana amin'ny toerana talaki-maso ny faritra.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Faritra fambolen-kazo honko** | Mitsangatsangana<br>Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |

**Tabilao 6 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fambolen-kazo honko**

## 7.4 Faritra fitsangatsanganana

Faritana amin'ny alalan'ny pilaky koa ny toerana natokana ho fitsangatsanganana sy ho fialam-boly izay noeritreretina hisarihana mpizaha tany. Ny VOI no tompon'antoka amin'ny fandaminana rehetra mikasika ny asa hatao araka ny drafitr'asa voavolavola teo amin'ny fivoriam-be.

| Fizaram-paritra | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
|---|---|---|
| **Faritra fitsangatsanganana** | -Mitsangatsangana<br>-Manao fanaraha-maso<br>-Manao asa fanatsarana | -Manapatapaka hazo<br>-Manao maloto<br>-Maka sary raha tsy nahazo alalana avy amin'ny CLB |

**Tabilao 7 : Fitsipim-pitantanana amin'ny faritra fitsangantsagana**

## 7.5 Famintinana

Raha fintinina ny Drafi-panajariana sy fitantanana dia toy izao ny anehoana azy indray mijery:

| Fizarana | Toerana | Habeny (Ha) | Toetry ny faritra | Tanjona | Fitsipi-pitantanana | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Ny azo atao | Ny tsy azo atao |
| Faritra arovana (Ala fady) | **<u>Ala honko:</u>**<br><br>Bedrakatra<br>Ankazoabohely<br>Ambatafo (Mosoron'ny Lasy) | 1534 | Ala honko matevina<br>Toerana fandriam-borona sy biby<br>Toerana fiterahan'ireo hazandrano (makamba, drakaka, laoko, tsivakiny)<br>Toerana ahitana tantely, gidro, karaza-borona samihafa… | Fiarovana ny Ala honko.<br>Fitazomana ny asa tsara ara ekolojikan'ny ala honko<br>Hampitombo hatrany ny vokatra ny jono. | Mandalo<br>Fitsangatsanganana nahazoana alalana<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika nahazoana alalana | Manjono anaty saha<br>Manapaka hazo<br>Manitatra tanàna<br>Manitatra tanimboly<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa faritan'ny VOI |
| | **<u>Ala bongo:</u>**<br><br>Ankaria | 860 | Ala matevina izay mbola ahitana ireo karazan-kazo maro samihafa.<br>Toerana izay mbola ahitana ireo karazam-biby sy vorona maro | Fiarovana ny ala bongo.<br>Hampitombo ny vokatry ny fambolena sy ny jono. | Fitsangatsanganana na mandala nahazoana alalana<br>Fanaovana fikarohana ara-tsiantifika | Manapaka hazo<br>Manitatra tanimboly<br>Mangala biby na vorona na tantely na vokatra hafa.<br>Manorina trano |
| Faritra ampiharana ny zo nentim-paharazana | Ambatafo (Anketrakabe)<br>Andimaka | 1091 | Ahitana hazo honko lehibe sy golety,<br>Akaiky tanàna.<br>Ahitana koa ireo karazana Honko ilaina amin'ny fiainana andavan'andro | Fampandehanana ny raharaha filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro amin'ny fomba mirindra (hazon-trano, ravin-kazo atao fanafody, fiompiana tantely...) | -fampiasana ny zo mifanaraka amin'ny fahazoan-dalàna azo avy amin'ny CLB<br>-Fanabeazam-boho ara-toekarena toy ny fitarimiana drakatra, tantely, sns…<br>-Fitsangatsanganana<br>- Asa Fikarohana<br>-Fanaovana ireo filàna andavandro raha toa ka nahazoana alàlana avy amin'ny CLB mpitantana | -Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>-Fanorenana tanàna<br>-Fitarimiana biby fiompy tahaka ny komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>-Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>- Manapaka Honko vavy any amin'ny faritra marefo misy ny honko fohy na mazava;<br>-Manapaka Mosotry manatrika ny ranomasina<br>- Manapaka hazo honko 25 metatra miala ny sisin'ny saha |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | na ranomasina |
| | Ankaria ambany | | Ahitana hazo ala, ravinala, | | Fanapahana hazo atao valankira, trano, fefy | -Manao saribao, mitetiky ala,<br>-Manapaka tsy nahazo alalana |
| Faritra arenina sy fambolena Honko | Ambatafo ( Anketrakabe), Mosoromangamena, Ambarabanja (lalagna antsakoa), Andimaka mosoroni doara, Nosy kajoihy, Nosin'Antsatrana, Ambarabanja ambatafo, Andimaka1, Andimaka2, Fahakabe, Beangolo, Betaingiriky ao Ambatafo Mosoron'ny lasy | 91 | Fasira, ala honko efa simba, manify na fohy; ala honko mitsitokotoko | Fanatevenana ny ala honko;<br>Fanarenana ny honko simba | -Mitsangatsangana<br>-Manao fikarohana na fanaraha-maso | Fanapahana kakazo tsy nahazoana alàlana<br>Fanorenana tanàna<br>Fitarimiana biby fiompy tahaka ny Komankory na aomby, Bengy, na biby hafa<br>Fanitaràna tanimboly na tanimbary<br>Miditra, mivezivezy, maka zavatra ao anatiny. |
| Faritra fizahantany | Bongo ambatafo | 02 | Ala manify, point de vue | Fitsangatsanganana, fampidiram-bola hoan'ny VOI | -Mitsangatsangana<br>-Manao fanaraha-maso<br>-Manao asa fanatsarana | -Manapatapaka hazo<br>-Manao maloto<br>-Maka sary raha tsy nahazo alalana avy amin'ny CLB |

**Tabilao 8**: Famintinana ny drafi-panajariana sy fitantanana

# VIII DRAFITR’ASA

Ny Drafitr’asa napetraka izay narafitra teo anivon’ny Fivoriambe no entina hanatanterahana ny Drafi-panajariana sy fitantanana.Mitady fanohan’ny mpiara miombona maromaro ny VOI amin’ny fanamafisana ny Fiarovana ny Ala honko.

## 8.1 Lamin’asa anatin’ny folo taona

| ASA ATAO | Taona | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |
| Fisafoana ny fizaram-paritra napetraka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fambolena honko | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fanofanana ny mpanara-maso ara ekolojika | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanaraha-maso ara ekolojika | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fametrahana takelaka | x | | | x | | | | x | | |
| Fandokoana ny sisin’ny faritra | x | | x | | x | | x | | x | |
| Fanofanana polisin’ala | | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanajariana fotodrafitrasa fizahan-tany | | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofanana Guide touristique | | x | x | | x | | x | | x | |
| Marketing n’ireo sites touristiques | | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Fanofanana komitin'ny tomban'ezaka | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanavaozana ny komitiny Mpanatanteraka ny Dina (KMD) | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Fanofànana amin'ny fampiharana ny fitaovam-pitatanana | x | | x | | | x | | | x | |
| Fanofànana fanamafisàna fahaiza-manaon'ny CLB | x | x | | x | | x | | x | | x |
| Tomban'ezaka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| fitadiavana mpiara-miombon’antoka | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |
| Asa fanentanana sy fampahafantarana ny drafi-pitantanana sy drafi-panajariana | x | x | x | x | x | x | x | x | x | x |

Tabilao 9 : amin’ny asa mandritry ny folo taona

**Fanamarihana** :

Ny CLB dia tsy maintsy manavao isan-taona ny drafitr’asa ahafahany mahatratra ny tanjona napetraka ato anatin’ity drafi-panajariana sy fitantanana ity.

Tabilao 10 : Lamin'asa mandritry ny taona voalohany (2016)


## 8.2 Lamin'asa mandritry ny taona 2016

| ASA ATAO | Isany, Habetsahany | FOTOANA HANATANTERAHANA AZY | | | | | | | | | | | | Tompon'andraikitra voalohany |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | J | F | M | A | M | J | J | A | S | O | N | D | |
| Fambolen-kazo amin'ireo toerana efa malalaka | In 2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fijerena ny fahasalaman'ny ala honko (suivi écologique) | In 2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB, polisin'ala |
| Fanaraha-maso sy fanondroana ho an'ireo nahazo fahazoan-dalana hanapaka hazo | Isan-kerin'andro | | | | | | | | | | | | | Polisin'ala |
| Fisafoana ireo saha arovana ao anaty ny faritra zo nentim-paharazana | In1 isam-bolana | | | | | | | | | | | | | Komity mpanara-maso, Polisin'Ala |
| Fampahafantarana sy fanentanana mba hahalala tsara ireo faritra arovana | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fisafoana ny ala-fady | in-5 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Polisin'ala |
| Manao fanentanana ho amin'ny fambolen-kazo | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Manohy ny asa famblen-kazo | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Manao contrôle ny fomba fitsirin'ny zanakazo | in-1 isan-3 volana | | | | | | | | | | | | | Polisin'ala |
| Fanentanana sy fanomezana karatra maha-pikambana ny CLB | in-2 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanentanana amin'ny fanefana latsakemboka sy fanamboarana birao CLB | in-3 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Komitin'ny tomban'ezaka |
| Fampahafantarana sy fanentanana mikasika ny DINA | in-4 isan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB |
| Fanaovana tatitra isam-bolana (Rapport d'activités) | 1 isan-bolàna | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB sy ny Mpitambola |
| Fikojakojana ny lalana mandeha amin'ireo toerana fitsangatsanganana | in-1 isan-3 volana | | | | | | | | | | | | | Filohan'ny CLB |
| Fampiofanana ny guide (Langue, Hygienne, Guidage…) | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | WWF, Roseda, Mpiara-miombon'antoka hafa |
| Marketing n'ireo sites touristiques | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | |
| Fampiofanana ny CLB amin'ny anarana sy asan'ireo hazo mandalo amin'ireo sites. | in-1 isan-taona | | | | | | | | | | | | | |
| Fitadiavana mpiara-miombon'antoka | mandavan-taona | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB, Chef fokontany |
| Fananganana fosse à poubelle 5mx5mx5m isaky ny secteur | nov-dec | | | | | | | | | | | | | Biraon'ny CLB, Chef fokontany, CLB |

## IX RAFITRA APETRAKA AMIN'NY FITANTANANA

Ny Fivoriambe no fahefana faran-tampony ao amin'ny VOI FMTA ka ny Birao mpanatanteraka no manatanteraka ny asa voavolavola avy tamin'ny Fivoriambe. Mba hampahomby sy hampateza ny fitantanana dia apetraka ny vaomiera isan-karazany ho fampandraisana andraikitra ny mpikambana tsirairay (vaomieran'ny ala, vaomieran'ny afo, vaomieran'ny fampandrosoana…), eo ihany koa ny Dina izay anisan'ny fitaovana iray eo ampela-tanan'ny CLB, entina hitantanana ireo loharanon-karena voajanahary ireo, ka ny KMD (Komity Mpanatanteraka ny Dina) no miandraikitra ny fampiharan'azy.

Ny VOI na ny CLB dia tsy afaka mandeha irery raha te ahazo vokatra tsara fa tsy maintsy miara-miasa na mifandray amin'ireo antokon-draharaham-panjakana isan-tsokajiny voakasik'izany (Fokontany, Kaominina, STD na ny sampandraharaham-panjakana)




Sary 9 : Rafitra voakasiky ny fitantanana

**Fepetra samihafa:**

Ny Birao mpanatanteraka,ny Polisin'ala , ampian'ny olona tsirairay ao anatin'ny Teroara no manao ny fanaraha-maso, sy mitondra tatitra na fitorohana any amin'ny KMD raha misy fandikan-dalana voatsikaritra.

Ny Birao mpananteraka ampian'ireo mpikambana amin'ny KMD no mitantana ny vonodina, amin'ny fampiharana ny Drafi-panajariana sy Drafi-pitantanana.

Ny fanapahan-kevitry ny filankevitra kaominaly no mamaritra ny fitsinjarana ny vonodina.

Any amin'ny DINA no ahitana ny pitsopitsony rehetra mikasika ny fepetra sy fitsipika ary ny vonodina mifanaraka amin'izany.

# X ENTI-MANANA HO FANATANTERAHANA NY DRAFI-PANAJARIANA

## 10.1 Arak'olona

Tompon'andraikitra avokoa ny mpikambana sy ny mponina ao anaty teroara amin'ny fanatanaterahana ny Drafi-panajariana.

Ireo teknisianina ara-panjakana sy avy amin'ny mpiara miobona antoka dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fampiharana ny Drafi-panajariana.

## 10.2 Ara-bola

Ny saram-pitantanana avy min'ny fampiasana ny loharanon-karena voajanahary no vola entina ampahanana ny raharaham-pitanatanana. Eo ihany koa ireo vola avy amin'ny vonodina, fanampiana, latsakemboky ny mpikambana.

## 10.3 Fanamafisan'orina ny fahaiza-manaon'ireo mpitantana

Alahatra ao anty tetiandron'ny drafitr'asa ny karazampiofanana ilaina amin'ny fitantanana mba hanamafisana ny fahaiza-manaon' ny mpitantana.

# XI TOMBAN'EZAKA

Mba ahafana mandrefy ny ezaka vita na koa ny fivoaran'ny fitantanana dia ho jerena ireto mari-drefesana manaraka ireto:

| Vakim-paritra | Maripan-drefesana |
|---|---|
| Faritra arovana tanteraka | Isan'ny fanapahana hazo tratra<br>Fangalarana kakazo ataon'ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravana<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Velaran'ny Ala honko voatetika;<br>Isan'ny mpanjono anaty saha tratra<br>Isan'ny mpangala vokatra tratra (biby arovana-vorona arovana-tantely-drakatra-sns...)<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Fitomboan'ny ala honko matevina (porofoina amin'ny sarintany)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan'ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran'ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran'ny ala Honko rakotry'ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran'ny tany voakikin'ny ranomasina |

| | |
|---|---|
| Zo nenti-paharazana | fanapahana hazo tsy nahazoana alalàna<br>Isan'ny fahazoan-dalàna navoaka<br>fangalarana kakazo ataon'ny botry<br>Isan'ny tetikala fanitaràna tanimbary<br>Isan'ny fananganana tanàna anaty ala honko noravàna<br>Isan'ny fatana charbon tratra<br>Isan'ny fivarotana kakazo ivelan'ny tanàna<br>Isan'ny olona nandoa vonodina<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fiakaran'ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran'ny ala Honko rakotry'ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran'ny tany voakikin'ny ranomasina |
| Fanatevenana sy Fanarenana | Velaran'ny Ala honko voavoly zanakazo;<br>Isan'ny zanakazo voavoly;<br>Fitombon'ny zana-kazo ( haavony sy ny savaivony)<br>Karazankazo tena manjaka sy mahazo vahana<br>Fitsimohana voajanahary: karazan-kazakazo latsaky ny 5cm; Isan'ny reni-hazo mamoaka voa<br>Fiakaran'ny ranomasina ( fahatetehany, isaky ny fotoana: refy ny faritra tratrany rano miakatra, rano midina)<br>Velaran'ny ala Honko rakotry'ny jia: isaky ny telo volagna<br>Velaran'ny tany voakikin'ny ranomasina |
| Faritra fitsangatsanganana | Isan'ny fandikan-dalàna tratra |

**Tabilao 11 : Marim-pandrefesana amin'ny tombanezaka**

## XII- FEHINY

Ity drafi-panajariana sy fitantanana ity no mifehy ireo loharanon-karena voajanahary ao ANTSATRANA. Raha ny mikasika ny fiarovana sy fikajiana ary fanomezan-danja izany loharanon-karena voajanahary izany, dia adidy hiantsoroan'ny Vondron'olona ifotony ampian'ireo sehetra samihafa ao an-tanana sy ivelany.

Marihina etoana fa azo hatsaraina ity drafi-panajariana sy fitantanana ity arakaraky ny fivoaran'ny zava-misy eny an-toerana.

Natao teto …………………………., androany faha ………………………,

Ny filohan'ny VOI FMTA

Ny SREEF

Ny Talem-paritry ny Tontolo Iainana

# TOVANA

## TOVANA 1 :FAMARITANA NY FAMPIASANA NY HAZO HONKO ARAKA NY FILAN'NY MPONINA :

Misy karazany dimy ny filan'ny mponina amin'ny hazo honko amin'ny fiainany an-davanandro ao ANTSATRANA:

1- Fanorenana trano vaovao sy fanarenana :
2- Fanaovana valakira
3- Fanamboarana fefy
4- Fanamboarana talatala fanapazana trondro
5- Fanamboarana lakana

**a-Trano**

**a1-Fanorenana trano vaovao**

| | | Filàna hazo amin'ny fanoren-trano iray | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Refy** | **Fanorenana trano vaovao** | **Isan'ny hazo boribory ilaina** | **Isan'ny golety ilaina** | **Isan'ny Kasaka ilaina** | **Isan'ny falafa ilaina** | **Isan'ny baobao ilaina** |
| Refy 5mx4m | 35 isantaona | 60 | 50 | 1000 | 1200 | 35 |
| Refy 12mx8m | 05 isan-taona | 90 | 80 | 2500 | 4200 | |

Fanamarihana : 18 amin'ny fanorenana trano vaovao dia ilàna baobao, ka afaka 5 taona vao mety hanova

**a 2-Fanamboarana varion'omby**

| **Refy** | **Fanamboarana varion'omby** | **Isan'ny hazo boribory** | **Isan'ny golety** |
|---|---|---|---|
| Refy 10 m x 10 m | 20 isaky ny 5 taona | 180 | 0 |
| **TOTALY** | | 180 | 0 |

Fanamarihana : Isaky ny 5 taona vao mety hanolo hazo boribory atao vario

**a-3-Fanamboarana rovan'akoho na vorona**

| **Refy** | **Fanamboarana rovan'Ankoho na vorona** | **Isan'ny hazo boribory ilaina** | **Isan'ny golety ilaina** | **Isan'ny Kasaka ilaina** | **Isan'ny falafa ilaina** |
|---|---|---|---|---|---|
| Refy 6mx3m | 70 isaky ny 5 taona | 25 | 1200 | 600 | 300 |
| **TOTALY** | | **25** | **1200** | **600** | **300** |

Fanamarihana: Isaky ny 5 taona (5ans) vao mety ho simba ny rova

**a-4-Fanamboarana talatala**

| **Refy** | **Fanamboarana rovan'Ankoho na vorona** | **Isan'ny hazo boribory ilaina** | **Isan'ny golety ilaina** | **Isan'ny Kasaka ilaina** | **Isan'ny falafa ilaina** |
|---|---|---|---|---|---|
| Refy 3mx2m | 70 isaky ny 5 taona | 12 | 14 | 300 | 200 |
| **TOTALY** | | **12** | **14** | **300** | **200** |

## b-IREO FILANA AMIN'NY ALA ANTETY

Misy karazany roa ny valakira fampiasa ao ANTSATRANA: Valakira izay atao eny amin'ny fahaka sy valakira izay atao eo ambavarano.

**Marihina fa tsy mampiasa Honko ny mpanjono ao antsatrana amin'ny fanaovana valankira, fa hazo golety avy amin'ny Bongo ihany**.

### b-1-Fanamboarana valakira

| Refy | Tomboko kira | Hazo boribory | Golety |
|---|---|---|---|
| 200m ny andavany roa | 46 isan-taona | | 1000 |
| **TOTALY** | | | **46000 isan-taona** |

### b-2-Fanorenana Lakoro

| Refy | Lakoro | Hazo boribory | Golety |
|---|---|---|---|
| Refy 50m$^2$ | 7 isan-taona | 80 | 1000 |
| **TOTALY** | | **560 isan-taona** | **7000 isan-taona** |

**Marihina fa tsy mampiasa honko ny mponina ao Antsatrana amin'ny fanaovana fefy.**

**e- Lakana**

**Marihina fa tsy mampiasa honko ny mponina ao Antsatrana amin'ny fanaovana lakana**

**f-<u>Fandravonana ireo hazo honko ilaina isan-taona</u>** :

| **Karazana filana** | **Fanorenana trano vaovao** | | **Fanamboarana vario** | **Fanamboarana rova** | **Fanamboarana Talatalana** | **TOTALY** |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | **5m x 4m** | **12mx8 m** | | | | |
| Hazo boribory | 2100 | 450 | 3600 | 1750 | 840 | **8 740** |
| Golety | 1750 | 400 | | 84000 | 980 | **87 130** |
| Falafa | 35000 | 12500 | | 21000 | 1400 | **69 900** |
| kasaka | 42000 | 15000 | | 42000 | 21000 | **120 000** |
| baobao | 630 | | | | | **630** |

Fanamarihana : Marihina fa ny fanorenana trano, fanamboarana vario, rova, talatalana dia afaka 5 taona vao mety ho soloana vaovao indray.

| Karazana filàna | Tomboko kira | Lakoro | TOTALY |
|---|---|---|---|
| Hazo boribory | | 560 | 560 isan-taona |
| Golety | 46000 | 7000 | 53000 isan-taona |

## TOVANA 2:FITSINJARANA NY ISAN'NY HAZO AZO ALAINA ISAN-TAONA AO ANATIN'NY FARITRY NY ZO NENTIM-PAHARAZANA

1. **Famaritana ny ala**

Mba ahafahana manapa-kevitra amin'ny fanajariana tokony atao amin'ny famindram-pitantanana mikasika ny ala honko sy ny fakana azy dia ilaina fantarina ny toetoetran'ny ala izany hoe ny habetsahan'ny hazo sy ny karazan-kazo misy ao anatin'ny faritry ny zo nentim-paharazana. Tamin'ny fanisana natao dia toy izao manaraka izao raha fintinina ny isan'ny hazo honko azo trandrahana sy ny habetsahany isaky ny hekitara ao ANTSATRANA:

2. **Ireo karazan-kazo honko hita manokana ao anatin'ny faritry ny zo nentim-paharazana:**

| Karazan-kazo (Nom vernaculaire) | Anarany ara-tsiantifika (Nom scientifique) | Isan-kazo ao anatin'ny refy 0,1 Ha (Nombre individu rencontré plot de 0,1Ha) |
|---|---|---|
| Mosotry | Avicenia marina | 15 |
| Honko vavy | Ceriops tagal | 82 |
| Honko lahy (Anabovahatra) | Bruguiera gmnorrhiza | 17 |
| **TOTAL :** | | **114** |

| Velarany (Ha) (Surface Ha) | Habetsahany isaky ny Ha (Densité par Ha) | | Habetsahany hazo azo trandrahina (Quantité de bois exploitable) | |
|---|---|---|---|---|
| | Golety (gaulette) | Hazo lehibe (bois rond) | Golety (gaulette) | Hazo lehibe (bois rond) |
| **1091** | **330** | **810** | **360 104** | **883 892** |

Vokatr'io fanisana hazo izay natao tao anatin'ny ala honko faritry ny zo nentim-paharazana io ao ANTSATRANA dia ferana toy izao manaraka izao ny isan-kazo honko azo alaina isan-taona raha oharina amin'ny tahiry:

- . Ho an'ny **Hazo boribory** dia, miisa **8740 isan-taona** no azo alaina;
- . Ho an'ny **Golety** kosa dia, miisa **87130 isan-taona** no azo alaina.

**Tsara ho marihina** fa na dia eo aza ireo karazan-kazo honko maro voalaza esty ambony dia ny Honko vavy (Ceriops tagal) no tena fampiasain'ny olona izakany ny zo nentim-paharazana.

Ny fitsinjarana izany dia hita amin'ireo tabilao etsy ambony ao amin'ny tovana faha roa izay mamaritra ny isan'ny hazo ilain'ny mponina arakaraka ny sokajim-pampiasana azy (fanorenana trano vaovao, fanamboarana talantalana (stands), fanamboarana rovan'akoho na vorona, fanamboarana varion'omby)